**TILY ETO MADAGASIKARA**

2018 - 2021

« Ny hoavy no aorintsika »

« Tano ny finoana ho ampinga »
Efes 6:16




Tetika hampitomboana isa
Fitomboana ara-kalitao



Action pour la croissance
Croissance de qualité

# Politika Nasionaly Fanabeazana

## 2018-2021

SCOUTS
Créer un Monde Meilleur

# FANOLORANA

Ry Mpiandraikitra, zandry mpiara-miasa,

Ny zava-kendren'ny Fikambanana Mpanazava sy Tily eto Madagasikara dia ny hanabe sy hanolokolo ary handray anjara amin'ny fampivelarana ny maha-olona feno ny ankizy sy ny zatovo ary ny tanora Zazavavy sy ny Zazalahy ao aminy ho: Vavolombelon'i Jesoa/Jesosy Kristy, ho Olom-pirenena vanona ary Andrin'ny fianakaviana.

Hahatratrarana ireo zava-kendrena ireo dia mahafaly ny mahita ny ezaka ataon'ny Foibe Tily eto Madagasikara, mikaroka izay fomba ahafahana mampita ny fanabeazana tsara sy sahaza ny Mpiandraikitra amin'izao vanim-potoana sarotra diavin'ny firenena sy izao tontolo izao.

Ao anatin'ny Politika nasionalin'ny Fanabeazana dia anisan'ny fomba tsara sy mahomby indrindra ny fanolorana "Boky tohana ho an'ny fanabeazana"tahaka itony, ahafahana miatrika ny fanamby manoloana ny fitaizana sy fanabeazana ny ankizy, ny zatovo ary ny tanora ankehitriny. Mino ny fanabeazana skotisma isika, ary azo antoka fa mandroso ny fikambanana sy ny fiarahamonina rehefa misy ny fivoaran-tenan'ny tsirairay.

Eo am-pelatanan'ise ary ity Boky tohana ho an'ny fanabeazana ity, ampiasao, trandraho hanovozana soa sy hozaraina amin'ny hafa nampiandraiketin'ny Tompo amin'ise. Hitondra aina velona ho an'izao vanim-potoana izao ise ary hanao fanamby hiaina ny "Vaovao mahafaly" dia ny Filazantsaran'i Kristy.

Mampahery an'ise,

"Tano ny finoana ho ampinga"- Efesiana 6:16a



ANDRIAMANJATO Faramalala
Railovy Mahatoky
Filoha Komity Lehibe MTEM

# SAVA RANON'ANDO

Misaotra an'Andriamanitra lehibe fa noho ny fitiavany sy ny fitantanany dia efa ho feno 100 taona izao ny Fikambanana Tily eto Madagasikara afaka 5 taona eo, raha niorina tamin'ny taona 1924.

Iaraha-mahalala ny zava-misy amin'izao fotoana izao, indrindra eo amin'ny lafiny Fanabeazana, fa tena mila manao ezaka isika zoky, Ray aman-dReny, olon-dehibe amin'ny sehatra samihafa eto amin'ny Fiaraha-monina misy antsika, ny amin'ny hanohanana ireo tanora eo amin'ny lafiny Fanabeazana. Iraka napetraky ny Tompo amintsika rahateo izany.

Manana iraka manokana ny Departemanta Fanabeazana na ny DFB ny amin'ny fanampiana ireo mpiandraikitra manerana an'i Madagasikara, mba hananan'izy ireo « Fandaharana mamaly ny filàn'ny tanora, hahaliana azy ireo ka hahasintona sy hahatamana azy, Fandaharana tsy mahafinaritra fotsiny fa manabe, tsy mankaleo azy ireo fa mivoatra, ary mizotra mankany amin'ny vina skotisma maneran-tany hampitombo ny ambaindahin'ny fikambanana : « mampitombo isa »

Tsy hitombo isa fotsiny koa anefa, fa hitombo ara-kalitao eo amin'ny lafiny fanabeazana, ka hitondra fanovana miabo eo amin'ny fiaraha-monina misy azy, hamorona tontolo tsaratsara kokoa, ary ho tonga VOA amin'izay rehetra alehany sy tanterahany : ho Vavolombelon'i Jesoa Kristy, ho Olom-pirenena vanona, ho andrin'ny Fianakaviana. Ho tonga olom-pirenena tompon'andraikitra, mahaleo tena, olon'ny fiaraha-monina ary miroso amin'ny asa firotsahana.

Mba hahafahantsika miroso ho amin'izay tohana fananganana Fandaharana izay, dia atolotra antsika ao anatin'ity boky ity ny mombamomba ny Politika maneran-tany momba ny Fandaharam-panabeazan'ny tanora eto anivon'ny skotisma, ny Fanovana sy Fanatsarana ny Fandaharam-panabeazana ny tanora, ary ny Politika nasionaly momba ny Fandaharam-panabeazana ny tanora, miaraka amin'ny sori-dalam-panabeazana entintsika ho tanterahana eto Madagasikara.

# TENY FANOLORANA

Misaotra an'Andriamanitra lehibe fa noho ny fitiavany dia tontosa soa aman-tsara izao boky nataon'ny Departemanta Fanabeazana ho tohana ho an'ny mpanabe izao. Araka ny Tenin'ny Soratra Masina hoe « Fahano ary ny ondriko » Jaona 21 : 17 - dia manana anjara lehibe tokoa ianareo Fanabeazana ny amin'ny fanohanana ireo ondrin'Andriamanitra ireo.

Amim-pifaliana sy am-pitiavana ary no hanolorana ity boky ity ho an'ny mpanabe rehetra eto Madagasikara, efa ela no niketrika izay hanatsarana tokoa ny tohana ho anareo ny ekipa mpiray dia rehetra ao amin'ny Departemanta Fanabeazana, koa inoana fa hanampy anareo amin'ny asa fiandraiketana, sy amin'ny asa fanompoana eto anivon'ny Tily eto Madagasikara izany.

Ny Departemanta rehetra izay misy eto anivon'ny Tily eto Madagasikara 2018-2021 dia miara-mirona manao izay hampihodinana ity asa Fanabeazana ity, ka entanina etoana mba samy hamaky sy haka vatsy amin'ity tondrozotra ity, araka izay tandrifiny avy.

Santionan'ny tahirin-kevitra mila vakiantsika mpanabe ihany ity, fa anisan'ny fanabeazana napetrak'i Baden Powell amintsika ny hoe « mamakia boky » dia alao hery ary ry zandry zanaka isany.

Andriamanitry ny Fiadanana anie hanafy hery anareo amin'ny andraikitra izay fantatra fa tsy mora, ary ho Azy irery ihany ny Voninahitra.



RAOELIJAONA Michel
Kalia Miaritra
Filoha Foibe Tily
034 11 450 03



RANDRIANANTOANDRO S. Andry
Kiroa Mirenty
Filoha TPTEM
034 11 645 58

# DRAFITRA

TENY FANOLORANA

SAVA RANON'ANDO

FANOLORANA

DRAFITRA

**1. POLITIKA SKOTO MANERAN-TANY MOMBA NY FANDAHARAM-PANABEAZANA HO AN'NY TANORA**

1.1- FA NAHOANA NO MANAO FANDAHARAM-PANABEAZANA ?

1.2- INONA NO ATAO AMIN'NY FANDAHARAM-PANABEAZANA ?

1.3- AHOANA NO HANATANTERAHANA NY FANDAHARAM-PANABEAZANA ?

**2. FANAVAOZANA NY FANDAHARAM-PANABEAZANA**

2.1- FAMARITANA ANKAPOBENY FANDAHARANA

2.2- SINGA MANDRAFITRA LALAN'NY FANDAHARANA

2.3- SINGA VALO LALOVANA AMIN'NY FANDAHARANA

**3. FANDAHARAM-PANABEAZANA 2018-2021**

3.1- ZAVA-MISY ANKEHITRINY sy TEBOKA 5 TANJONINA

3.2- TABILAO FINTINA ZAVA-KENDRENA ISAN-TSAMPANA

3.3- TOLOTRA FANDAHARANA / AMBARATONGA sy TALENTA

FINTINA

TOVANA

TENY FAMARANANA

FANOROAM-PEJY


# 1- POLITIKA SKOTO MANERAN-TANY MOMBA NY FANDAHARAM-PANABEAZANA HO AN'NY TANORA

Ny Fandaharana ? Mba hanintona ny tanora sy hahatamana ny tanora eto amin'ny Fikambanana. Mivoatra tsy mitsahatra ny tontolo manodidina antsika, hita maneran-tany izany. Tsy maintsy mivoatra manaraka an'izay koa ny Fandaharan'ny tanora.

Ny hevi-dehibe iaingana ao anatin'ny Fandaharana dia mifototra amin'ny nananganan'i Baden Powell azy tamin'ny fotoana nanangananany ny skotisma. Ny fomba fanabeazana eto anivon'ny skotisma dia tokony hizotra mankany amin'ny fiomanan'ny tanora hiatrika ny fiainana rahampitso, izay tsy fantatra mihitsy fa mety hiseho amin'ny endriny maro.

Ny vokatra ho tratrarin'ny fanabeazana skoto moa dia tsy niova mihitsy, hatramin'ny fiandohany efa taonjato iray izao, fa ny filàn'ny tanora sy ny fivoaran'ny tontolo manodidina azy ireo kosa no miova tsy mitsahatra

Ny tena tokony ho tanjon'ny fanofanana ny olon-dehibe arak'izany, ny tapa-porohana roa, dia ny hiomanany tsara hiatrehany izany zava-misy izany, ka ampiasany ny Fandaharana izay tanterahana mba hamaly ilay filàna miovaova, manaraka ny toetr'andro kanefa mizotra hanatratra ilay vokatra ho tratrarina tsy miova araka ny nanorenan'i Baden Powell azy, dia ny hahatonga ireo tanora ho olom-pirenena vanona, vonona, mivoatra amin'ny maha olona feno, ary mitondra fanatsarana miabo eo amin'ny fiaraha-monina misy azy.




Inona moa no vontoatin'ny Politika manerantany momba ny Fandaharam-panabeazana ny tanora ? Ny vontoatiny dia manazava amin'ny ankapobeny hoe « inona no ataontsika, ahoana no fomba hanatanterahantsika azy ary nahoana no manatanteraka io Fandaharana io isika ».

Eo ihany koa ny Fomba rehetra hampihodinana sy hanaparitahana azy, ary ny fiaraha-miasa ilaina rehetra manodidina izany.

Ny skotisma dia tokony hametraka ny « tanora » ho ivon'ny zavatra rehetra, ary hanao ho zava-dehibe ny « Fanabeazana », hisokatra ho an'ny rehetra, ary tena hanintona sy hahatamana ary hamaly tokoa ny filàn'ireo tanora.

## 1.1- Fa NAHOANA no manatanteraka fandaharam-panabeazana ?

Ny « Fandaharana » no fitaovana hampahomby na tsia ireo vokatra ho tratrarina isan-karazany ho an'ny tanora ireo, hitody ho any amin'ny fanatrarana ny tanjon'ny skotisma. Rehefa tsy misy « fandaharana » izany, dia tsy misy « skotisma ». Ny seham-piasana hafa rehetra toy ny fitantanana, fanofanana, fifandraisana, sy ny hafa rehetra dia tokony hiara-hirona hizotra hanao izay hahalavorary ny « fandaharam-panabeazana »

Ny fandaharam-panabeazana arak'izany dia « fitaovana » entina hanatrarana ny tanjon'ny skotisma, dia tsy inona fa ny « fandraisana anjara amin'ny fivoaran'ny tanora amin'ny maha olona feno dia ny ara-batana, ara-tsaina, ara-pihetseham-po, ara-piaraha-monina ary ara-panahy, tsy amin'ny maha olon-tokana azy, fa indrindra amin'ny maha olon'ny fiaraha-monina azy, olon'ny firenena, ary olona eto anivon'izao tontolo izao.

Avy amin'ny alalan'ny Fandaharana no hahatonga azy ho « olom-pirenena » tompon'andraikitra sy mahaleo tena. Hahatonga azy koa hanatanteraka hatrany ireo adidy telo dia ny Adidy amin'Andriamanitra, adidy amin'ny hafa ary adidy amin'ny tena.

Ny Fandaharam-panabeazana ho an'ny tanora arak'izany dia mandray ireo fivoarana voalaza ao anatin'ny Tanjon'ny Skotisma, dia ny fivoarana ara-batana, ara-tsaina, ara-pihetseham-po, ara-panahy ary ara-piaraha-monina. Ny fivoaran'ireo singa dimy ireo no hitondra any amin'ny fivoaran'ny toetra. « Fanefen-toetra » rahateo no nanononana ny Fanabeazana skotisma araka ny nanorenan'i Baden Powell azy hatramim-boalohany.

Ny skoto dia olom-pirenena, mandray anjara amin'ny fiaraha-monina misy azy, ary mitondra fanovana miabo eo amin'ny sehatra izay misy azy. Ny fanabeazana skoto arak'izany dia fanomanana ireo tanora mba hahatonga azy ireo ho tonga olom-pirenena vanona, tompon'andraikitra.

Araka ny maha fikambanana maneran-tany ny skotisma, dia tokony hizotra ho any amin'ny tanjona ho amin'ny fampandrosoana maharitra ODD (Objectifs de Développement Durable) koa isika.

## 1.2- INONA no atao amin'ny Fandaharam-panabeazana ?

Fitambaran'ireo karazana hetsika ataon'ny tanora, any amin'ireo sehatra samihafa toy ny Lasy, hetsika isan-karazany any an-tsaha sy anaty ala, eny anivon'ny natiora, ireo asa firotsahana samihafa eny anivon'ny fiaraha-monina, ny fiainan-tsokajy, ny hira sy lalao isan-karazany.
Ny fotoana rehetra izay hiarahana amin'ireo tanora no hahatonga azy ireo ho afaka hampihatra sy hanatsara ireo « Fahaiza-manao » ananany, hampitombo ny « Fahalalana » ao aminy, ary hitondra tena hampivoitra ny « toetra » ao aminy manokana sy maha izy azy.

Ny hetsika izay tanterahana rehetra arak'izany dia mila jeren'ny olon-dehibe akaiky mba hampivoarana arak'izay tratra ireo Fahalalana, Fahaiza-manao ary Toetra ireo ao amin'ny tsirairay, fa tsy ho hetsika « mahafinaritra » fotsiny ireo tanora.

## 1.3- AHOANA no hanatanterahana Fandaharam-panabeazana ?

Ny Fomba Fanabeazana skoto dia mifototra amin'ny "fibeazan-tenan'ny tsirairay", izany hoe ilay olona tsirairay mihitsy no mandray an-tanana ny fivoaran-tenany manokana. Ao anatin'izay no hifampidiran'ny singa maromaro hiara hiasa, singa valo izay samy manana ny heviny manokana, kanefa kosa singa valo mitovy lanja, tsy misy ambony na ambany kokoa. Ny firindran'ireo singa maromaro ireo, mandritry ny lamin'asa rehetra, no hahatonga vokatra tsara ao amin'ny Fanabeazana skoto :



# 2- FANAVAOZANA NY FANDAHARANA

## Nosintonina avy amin'ny "Renouveau Actualisation du Programme – RAP"

Amin'ny maha tontolo miova sy mivoatra ny tontolo manodidina ny tanora, ary n'aiza n'aiza maneran-tany dia miaina izany fivoarana tsy mitsahatra izany, dia tsy maintsy misy ny famerenana fijerena manokana, ho fanavaozana sy fanatsarana ny fandaharam-panabezana ny tanora, indrindra eto anivon'ny skotisma izay manao ho zava-dehibe ny fitiana ny filan'ny tanora mialoha ny zavatra rehetra.


### 2.1- Famaritana ankapobeny ny fandaharana :

Amin'ity politika, izay nofidiana tao amin'ny fivoriambe manerantany tamin'ny "32è Conférence Mondiale" ity, dia manao ho zava-dehibe ny fanomezan-danja ny tanora sy ny filàny, ary mirona amin'ny famaliana ireto fanontaniana telo ireto:

- **NAHOANA ?**
  Ny tanjom-panabeazana, izay mifandraika amin'ny zava-kendren'ny Fikambanana

- **INONA ?**
  Ireo izay ataon'ny tanora : ny Hetsika isan-karazany (Activités)

- **AHOANA?**
  Ny fomba hanatanterahana azy




**a) Fandaharana miainga amin'ny filana sy tsiri-kevitry ny tanora**

> Ny Fandaharana dia "Fandaharan'ny tanora" fa tsy "Fandaharana ho an'ny tanora" izany hoe tsy atolotra azy, fa izy ireo mihitsy no mandray anjara amin'ny fandrafetana azy.

> Tsy midika izany hoe miala lavitra ny olon-dehibe, fa kosa mijery izay fomba handrindrana sy hanatanterahana izany Fandaharana izany, ary manoro hevitra amin'ny fahafahana mety azo atao rehetra ho an'ny fanatsarana.

> Izay fomba fiasa izay no anisan'ny mampiavaka antsika skoto, ary mahatonga ny fikambanana hiaina sy hatanjaka mandrak'ankehitriny.

> Nampahatsiahivin'i Baden Powell, tamin'ny taona 1909 tany Chili, tao anatin'ny fandraisam-pitenenany : "Raha hanjono ny mpanjono iray, dia tsy zavatra tian'ilay mpanjono no ataony eo amin'ny fitana fa "kankana", izay zavatra tian'ny trondro"

Manamafy amintsika izany fa raha hisintona ny tanora isika, dia tsy izay zavatra tiantsika no hisintonana azy ireo, fa izay zavatra tiany, mahaliana azy.

> **>** Tsy voatery hanabe avy hatrany koa anefa izay "Fandaharana manintona ny tanora", eo indrindra no anjara andraikitra lehibe an'ny mpiandraikitra, mamadika izany filan'ny tanora izany ho "Fanabeazana".
>
> **>** Ny toro-hevitra omen'ny RAP amin'ny karazam-pandaharana dia hizotra ho any amin'ny "vokatra ho tratrarin'ny fanabeazana" (objectifs éducatifs)
>
> **>** Tsy ny mpanabe ihany fa ny tanora beazina ihany koa aza, dia tokony samy ho resy lahatra ny amin'ny "Fahalalana, Fahaiza-manao ary Toetra" (Connaissance, Compétence, Comportement) izay ho vokarin'ny Fandaharana, mba hahatanteraka ilay atao hoe "fivoaran-tena".
>
> **>** Ny hetsika rehetra izay tsy mirona mankany amin'ny fijerena ny fivoaran-tenan'ny beazina, ho any amin'ny vokatra ho tratrarin'ny fanabeazana, dia zary "fihetsiketsehana foana" fotsiny (activisme).
>
> **>** Ny Fanabeazana skoto dia mandrisika ny tanora ho tompon'andraikitry ny fivoaran-tenany manokana. Izy ireo ihany no tarihana hisintona "Fibeazan-tena" ao anatin'ny hetsika rehetra izay atao, fa tsy miandry ho tolorana.

**Ohatra :** Ao anatin'ny lalao ifandrimbon'ny mpiray vondrona no hisintonany lesona ho azy, hoe tsy afaka hiaina irery izy ary tsy hahavita tena, fa tsy maintsy mifandray amin'ny hafa, raha toa te hanatratra tanjona iray. Tsy mijery fotsiny koa anefa izy ao anatin'izany fa tsy maintsy mandray anjara araka izay fahaiza-manaony.

> **>** Arak'izany, raha tsy tsapan'ny tanora ny "fivoaran-tena" ratoviny ao anatin'ny skotisma, dia tsy hahaliana azy haharitra ny Fikambanana skoto, na hetsika nahasitona azy aza tany am-piandohana dia hankaleo azy izany tsy ho ela.
>
> **>** Voamarina izany amin'ny alalan'ny "ISA" eo amin'ny Sampana iray. Raha toa tsy tamana ny tanora, ary tsy mitaona namana, dia midika izany fa tsy mamaly ny filàny ny Fandaharana, tsy nitsirika ny mety hahaliana azy fa natsangan'ny olon-dehibe tany fotsiny, ary natolotra hotanterahana. Tsy notsirihana ny filàny. Mihena ny isan'ny beazina.

* **Marihana** fa tsy mbola tena miasa ao amin'ny sampana mavo ity fitsirihana ara-ISA ity, satria matetika dia fanapaha-kevitry ny Ray aman-dReny no hirotsahan'ireo ankizy ho mpikambana fa tsy vokatry ny fanoloran-tenany tsy akory. Na izany na tsy izany dia azo hamarinina hatrany ny hoe "tamana ve izy, nitondra namana ve izy", raha tsy izay no mitranga, tsy namaly ny filàny ny Fandaharana natolotry ny mpiandraikitra.

**b) Fandaharana mifanaraka amin'ny kolotsaina sy ny vanim-potoana :**

> **>** Mivoatra isan'andro, mivoatra tsy mitsahatra manaraka ny toetr'andro sy ny toe-javatra manodidina rehetra ny filàn'ny tanora. Noho izany dia tsy maintsy miovaova manaraka izany ny Fandaharana fa tsy azo faritana indray mandeha dia tsy miova.

Ny Politika maneran-tany momba ny Fandaharana dia maniraka ny isaky ny Firenena, mba hijery akaiky ny momba ny filàn'ny tanora eo amin'ny lafiny kolotsaina misy eo aminy, sy ny vanim-potoana misy, satria fantatra fa samy hafa tsy azo faritana miaraka izany fa tena samy hanana ny azy manokana.

Toy izany koa ny isaky ny Faritra, izay samy manana ny zava-misy eo aminy, ny kolontsainy, tokony hivoatra hanaraka ny fivoarana eo amin'izany sehatra izany ny Fandaharam-panabeazana ao aminy.

**c) Ny singa "miovaova" sy "tsy miova"**

Raha toa samy manana ny azy toy izany, arakaraky ny vanim-potoana sy ny toerana moa ny Fandaharana misy eto anivon'ny Skotisma, ahoana no mahatonga ny hoe "maharitra" ny Fikambanana, ary mitazona ny maha izy azy mandrak'ankehitriny ?

Ny azo hamaliana azy dia ny fizarana mazava tsara eo amin'ny atao hoe "singa tsy miova" sy "singa miovaova" :

> **>** Ny tanjona, zava-kendrena, ny mahazaka telo olana, ny fomba Fanabeazana izay nofaritana manerantany no atao hoe singa tsy miova. Ireo izay voafaritra mazava ao anatin'ny lalam-panorenan'ny Skotisma manerantany izay ho hitantsika any amin'ny tovana. Ny Fikambanana skoto rehetra na aiza na aiza dia mametraka ireo singa ireo ho loha-laharana amin'ny Fandaharana rehetra.

> **>** Ny "Fandaharan'ny tanora" kosa indray no atao hoe "singa miovaova", satria miova manaraka ny filan'ny tanora isaky ny toerana sy vanim-potoana iray

## 2.2- Ireto avy ireo singa lehibe mandrafitra ny làlana hananganana fandaharana :

# Ireo singa lehibe mandrafitra hananganana **Fandaharana**



# Fizotry ny fanatsarana **Fandaharana** amin'ny **RAP**



## A- Soso-kevi-panabeazana (Proposition éducative)

### a) Tanjon'ny soso-kevi-panabeazana

- Fitiliana ny filan'ny beazina
- Fijerena akaiky izay mety hahaliana ny tanora
- Famaritana sahady izay mety ho tolotra azo atao mifanaraka amin'izay, mirona mazava ho azy mankany amin'ny vina, iraka, tanjona, zava-kendren'ny skotisma.

• Eto amin'ity dingana ity no fotoana hanazavana sy handresena lahatra ny fiaraha-monina ny tolotra azon'ny fikambanana atao ho Fanabeazana ny tanora. Ambara amin'izy ireo ihany koa ny fandraisana andraikitra raisin'ny Fikambanana ao anatin'izany Fanabeazana izany. Ny Ray aman-dreny, ny Fiangonana, ny Fiaraha-monina ankapobeny manodidina no hiantefan'izany.

• Ampahafantarina ny tanjona sy zava-kendren'ny Fikambanana izay ho banjinina ho fototra hitsanganan'ny Fandaharam-panabeazana.

• Amporisihana ny mpiandraikitra izay hifandray mivantana amin'ireo tanora mba hikaroka sy hanomana Fandaharana manintona sy mahaliana azy ireo.

### b) Vontoatiny sy fanontaniana mila valiana amin'ny fananganana soso-kevim-panabeazana :

• Fijerena akaiky ny momba ny filàna sy tsiri-kevitry ny tanora, ary koa ny zava-misy ankehitriny izay mety hitondra zavatra tsara, na tokony hidivirana, na tsy maintsy atrehan'izy ireo.

• Ny tolotra azo avy amin'ny skotisma : Ny toetra tsara manokana noratovin'ny tanora izay nobeazina tato amin'ny skotisma, amin'ny fotoana hivoahany eto amin'ny Fikambanana.

• Ny karazam-pandaharana izay mety azon'ny Skotisma atolotra mba hanatrarana ireo tanjona sy zava-kendrena. Ny fomba fifandraisan'ny lehibe sy ny beazina eto amin'ny Fikambanana.

• Mila mamaly isika hoe mamaly ny hetahetan'ireo tanora sy ny filany hatraiza ny Fandaharan'ny tanora?

• Raha atao hoe sarotra ny namaly ny hetahetany sy ny filany, sao tao amin'ny fomba nananganana ny Fandaharana no tsy voahevitra tsara?

• Ho an'ny taona maro hoavy, inona koa no hetaheta sy filana mety mbola ho andrasan'ireo tanora, izay mety efa azo jerena sahady ankehitriny?

• Inona avy no efa azon'izao fikambanana ankehitriny izao tsinjovina sy mety valiana sahady amin'izany hetaheta amin'ny hoavy izany?

• Fantatra fa maro no fikambanana manabe tanora ihany koa eo amin'ny sehatra misy antsika, afaka fantarina sy tanisaina manokana ve inona avy no Fanabeazana ny tanora ratovina ao amin'izy ireny, sy ny famenoana ataontsika ao anatin'izany Fanabeazana izany?

• Tena misongadina tokoa ve ny fiavahan'ny "Fanabeazana" izay mitondra fivoarana ho an'ny tanora amin'ny lafiny maha-olona feno, sy "Fampianarana" izay fampitan'ny mpampianatra ho an'ny mpianatra ny fahalalana, fahaiza-manao ary toetra izay ananany?

• Ahoana sy ahoana ihany koa ny tetika tokony jerena akaiky mba hananana mpiandraikitra matotra, tompon'andraikitra, manabe, ho afaka hanatanteraka antsakany sy andavany izany andraikitra miandry izany?

• Inona tsara no handresena lahatra ny Ray aman-dreny izay misakana ny zanany tsy hanao skoto, noho ny fiheverany fa mandany andro sy mety hanelingelina ny fianaran'ny zanany ny Fikambanana? Anisan'ny mila tsindrina ato anatin'ny soso-kevi-panabeazana izany rehetra izany. Ny skotisma dia manomana Fandaharana hampivelatra ny tanora, ka vao mainka hampandroso haingana ireo tanora, raha tsy hilaza afatsy amin'ny fianarana sy asa aoriana.


## **B- Seha-pitomboana feno** (Domaine de croissance personnelle)

Tao anatin'ny Boky "Eclaireur" izay nosoratan'i Baden Powell, dia nilaza izy fa ny tanjon'ny Fanabeazana skoto dia ny hanabe ireo tanora ankehitriny, mba ho olom-pirenena tompon'andraikitra rahampitso, indrindra eo amin'ny lafiny "toetra" sy "fahasalamana", mba hanova ny "fitiavan-tena" ho "fandraisana andraikitra amin'ny hafa" ary indrindra eo amin'ny fiaraha-monina misy azy.

RAP dia namaritra sehatra 6 ho an'ny fivelarana :

- Fivoarana ara-batana
- Fivoarana ara-tsaina
- Fivoarana ara-piaraha-monina
- Fivoarana ara-panahy
- Fivoarana ara-pihetsehampo
- Fivoaran'ny toetra

• Ny sary dia maneho amintsika fa ny Fanabeazana amin'ny maha olona feno dia Fanabeazana miompana feno amin'ireo singa 5 izay hita eto amin'ny sary, ary ny fivelaran'izy singa 5 miaraka no manome ny "maha izy azy" ilay beazina, ary mitondra "Fanefen-toetra" ho azy.




## Maha izy azy

# FIVELARAN'NY TOETRA

• Tsy afaka sarahina ireto singa 5 ireto, ka hifidianana hoe iray ihany no hojerena akaiky, fa tsy maintsy atao hitovy lanja amin'ny tohin'ny politikam-panabeazana rehetra ho an'ny tanora.

• Ny "Fanefen-toetra" izay notsindrian'i Baden Powell manokana dia hiainga amin'ny fandanjalanjana ireo seham-pitomboana natoraly amin'ny olombelona ireo tsy hisy tombo sy hala: Fanabeazana ny ara-tsaina, ara-batana, ara-pihetseham-po, ara-piaraha-monina ary ara-panahy.

• Isak'ireo seha-pibeazana ireo indray kosa no hitsirihana "lalam-panabeazana" (pistes éducatives) izay hamaritana ireo heverina ho laharam-pahamehana, miohatra amin'izay "filàna sy hetaheta" voatsirika avy amin'ireo tanora, miohatra ihany koa amin'ny zava-misy eo an-toerana sy ny vanim-potoana.

• Isak'ireo lalam-panabeazana izay voafaritra ireo indray no hisintonana "tanjom-panabeazana" mifanaraka aminy, ary ho ampiasaina amin'ny fananganana sy fanatsarana ny Fandaharam-panabeazana izany.

**D- Vokatra ho tratrarin'ny Fanabeazana** (Objectifs éducatifs finaux)


• Ny Vokatra ho tratrarin'ny Fanabeazana dia ny "vokatra andrasana" na ilay ataontsika hoe "VHT" aorian'ny fizotry ny teti-panabeazana iray, izay voafaritra amin'ny alalan'ny Fahalalana, na Fahaiza-manao na Toetra vaovao ho azo.

• Ao anatiny no hitanisana ireo izay ho toetoetry ny beazina iray, isaky ny seha-pitomboana, sy isaky ny lalam-panabeazana hita, amin'ny fotoana hoe nahavita ny dingana rehetra, ka ho "tsofindrano" hivoaka ny Fanabeazana izy.

• Mazava izany fa ny VHT-panabeazana izay an'ny sampana "zokiny indrindra" eo amin'ny Fikambanana no resahina eto. Raha ho antsika eto amin'ny Tily eto Madagasikara dia hitodika ao amin'ny sampana "Menafify" isika amin'ity fotoana ity, ka hijerentsika akaiky ny tokotokony ho Fahalalana, Fahaiza-manao ary Toetra ananan'ny Tily Menafify iray amin'ny fotoana hivoahany tsy ho beazina intsony.

• Ny tompon'andraikitra nasionaly no mamaritra ny VHT-panabeazana ankapobeny sy hamaritra izany hazava arak'izay azo atao. Hiainga avy amin'izany ny tompon'andraikitra isaky ny fivondronana tsirairay hanampy azy amin'ny Fananganana ny Fandaharana.

• Ny hetsi-panabeazana rehetra arak'izany dia hitondra ny beazina iray hiala amin'ny toetra iray ho any amin'ny toetra iray (état initial à un état nouveau); taorian'ny hetsika iray izay natao, dia lasa hainy ny zavatra tsy hainy teo aloha.




* Mety ho "toe-batana" no resahana eto, mety ho "toe-tsaina", "toe-panahy", "toe-po"
* Mety ihany koa ho "Fahalalana, Fahaiza-manao"na koa hoe "Toetra"

• Noho izany, raha avy nanao hetsi-panabeazana iray, ka tsy nisy fiovana ny beazina iray, dia tsy nisy antony nanaovana ilay "hetsika" fa lasa "fihetsiketsehana foana" fotsiny nandritry ny naha tao amin'ny sampana azy.

• Tandremana koa anefa fa sao "Toetra" efa ananan'ilay beazina no mipetraka ho vokatra ho tratrarina eto, satria na nisy tetika natao aza teo amin'ny Fanabeazana hanatrarana izany dia tsy nanana vokatra mivaingana nentina izany ilay "hetsika" natao.

• Fara-faharatsiny misy endrika "fanamafisana" na hampitombo ny "fahaizany manokana" ny fanatanterahana io hetsika io, ka hahatonga azy ho lasa "mahay mampita" ohatra, raha "nahafehy" fotsiny izy teo aloha, ary hahatonga azy "hahafehy" sy "hahatadidy" raha toa "nahalala" fotsiny izy teo aloha.

Noho izany dia tsara foana ny hisian'ny "tomban'ezaka" isaky ny faran'ny "hetsi-panabeazana" iray, hahitan'ny mpiandraikitra raha toa tratra hatraiza ny vokatra notratrarina, ary tsy maintsy atao ihany koa ny "tomban'ezaka" mialoha ny "hetsi-panabeazana" mba hahafahana mampitaha izany aoriana.

• Arak'izany dia ato amin'ity sampana zokiny indrindra ity no tena hitarafana raha toa velona hatraiza ny Fikambanana skoto iray, manintona ireo tanora ve ny Fandaharana tao, tamana ve ny tanora tafiditra ao, ary tonga tovolahy manahoana tokoa, mifanaraka amin'ilay vokatra ho tratrarin'ny Fanabeazana ve ireo tanora mivoaka avy ao, ka hahafahan'ny Fikambanana mirehareha amin'ny fahamendrehany amin'ny maha olona feno?

• Raha vokatra mantsy no raisina ohatra dia ireto Sampana zokiny "Mena" sy "Menafify" ireto izany no Vokatra farany (produits finis) hany ka na zatovolahy nanana ny naha izy azy aza ireo nivoaka tao amin'ny sampana zandriny: Mavo sy Maitso, dia ho foana imason'ny olona izany raha toa tsy manana izay "kalitao" nofaritan'ny Vokatra ho tratrarin'ny Fanabeazana izay ny tanora nobeazina.

• Ho sintonina avy amin'io Vokatra ho tratrarin'ny Fanabeazana io ny "Vokatra ho tratrarin'ny Fanabeazana ao amin'ny sampana zandriny. (Mena, Maitso ary Mavo)
Mba hahafahana mamaritra mazava, tsotra, azo tratrarina ny VHT Fanabeazana, dia ireto no voambolana tokony hiasa sy hisafidianana ao anatin'izany Famaritana izany.
Aorian'ny Hetsi-panabeazana izay atao, ny beazina tsirairay dia afaka :

| Fahalalana | Fahaiza-manao | Toetra |
|---|---|---|
| Manazava | Mahay | Manaiky |
| Mitanisa | Mampiseho | Manaja |
| Manadihady | Manazava | Ho resy lahatra amin'ny |
| Mamaritra, mamantatra | Mandray anjara | Mitondra tena |
| Manao lisitra | Mampivoatra, Manatsara | Mitsara |
| Mitantara | Mamorona | Mahatsiaro |
| Maneho | Manao | Maka fy |

• Arak'izany notanisaina rehetra izany dia tokony hiainga avy amin'ny Fihaonamben'ny Tanora Nasionaly izany asa rehetra izany, satria ao no ahafahan'ny mpitarika ny Fanabeazana Nasionaly mamantatra sy misintona ny filàna sy hetahetan'ny tanora eo amin'ny sehatra misy azy.

• Mety hisy koa vokatry ny fandinihana sy fanadihadiana manokana momba ny zava-misy eo amin'ny Firenena, ny filàna ankapoben'ny tanora eo amin'ny taona sampana zokiny indrindra, ny zavatra hita eo amin'ny fiaraha-monina sy ny manodidina azy rehetra.

• Tsy maintsy jerena akaiky ihany koa ny soso-kevi-panabeazana izay natolotra sy nampahafantarina ireo fiaraha-monina manodidina, ny Ray aman-dreny, ny Fiangonana, sns. momba ny Fikambanana, satria mazava ho azy, lasa vokatra andrasan'izy ireo manokana izany (attente) araka ny efa nampanantenaina azy ireo rahateo.

## E- Fizaran-taona

- Sampana mavo : 6 - 11 taona
- Sampana maitso : 12 - 16 taona
- Sampana mena : 17 - 20 taona
- Sampana menafify : 21 - 25 taona

## F- Vokatra Ho Tratrarin'ny Fanabeazana eo amin'ny Sampana

(Ho hitantsika amin'ny tabilao any ambany)

## G-Ny HETSI-PANABEAZANA (Activités éducatives)

Hatrany ampiandohana no efa napetraka ho iray amin'ireo fomba Fanabeazana skoto ny "fanabeazana amin'ny alalan'ny asa" (éducation par l'action). Ny Hetsika isan-karazany izay atao no hita maso amin'ny Fanabeazana izay atao. Ny fitambaran'ireny hetsika mahafinaritra samihafa ireny, izay hahafahan'ny tanora mandray anjara miaraka amin'ny namana mitovitovy taona aminy, no iray amin'ireo antony mahatonga azy ireo ho voasarika ho ato amin'ny Fikambanana. Noho izany dia anisan'ny motera lehibe mahavelona sy mampandroso ny fikambanana ny "hetsika".

Hoy Baden Powell : "Te hanao zavatra ny ankizy, ndeha izy amporisihantsika hanao izany ary atoro azy ny tokony ho lalana tsara izorany amin'izany, avy eo avelantsika izy hanatanteraka izany araka izay tiany. Avelantsika izy hanao diso, fa amin'ny alalan'ireny fahadisoana izay nataony ireny no handraisany traik'efa manokana".


"L'enfant veut faire des choses, aussi encourageons-le à en faire en lui en lui indiquant la bonne direction, et permettons-lui de les faire à sa manière. Laissons-le se tromper; c'est à travers les erreurs qu'il commet qu'il forme son experience." Baden-Powell

Ny skotisma dia mandray ho zava-dehibe ny fihetsika tsy nahin'ny ankizy, ny lalao, ny fizahan-tany, ny fananganana zavatra samihafa ... ho tohana ho an'ny Fanabeazana. Mikaroka an'ireny karazana hetsika manintona ireny ny mpanabe mba hahafahany mahatratra ny vokatra ho tratrarin'ny Fanabeazana izay nanolorany tena.

**a) Ny HETSIKA sy ny TRAIK'EFA (Activité et Expérience)**

• Ny hetsika izay atao no hanome "traik'efa" ho an'ny tanora, ary avy amin'ny alalan'ireny no hanatrarana ny vokatra ho tratrarina izay napetraka.

• Ny "hetsika" dia ilay seho "ivelany" hita maso mandritry ny fanatanterahana, fa ny "traik'efa" kosa dia any "anaty" tsy hita maso, izay voarain'ny tsirairay manokana avy amin'ny hetsika, kanefa kosa hamadika ilay hetsika ho tonga any amin'ny vokatra ho tratrarina.




• Handray anjara lehibe amin'ny "Fanabeazana" ity "traik'efa" azony ity, satria izy ihany no hisintona izany "Fanabeazana" izany avy amin'ny zava-nisy izay niainany, tao anatin'ny hetsika.

• Ny "hetsi-panabeazana" iray dia mety hiteraka "traik'efa" maromaro ho an'ny tanora izay mandray anjara, ary mety ho "traik'efa" samy hafa, tsy mitovy no voarain'ny tanora roa na maromaro miaraka eo, satria hiankina amin'ny toetran'ny tsirairay izany.

• Arak'izany ny "hetsika" iray izay atao dia mety hahazoana vokatra ho tratrarina tsara ho an'ny ankamaroan'ny mpandray anjara eo, fa mety hitranga ny hoe tsy hisy fiantraikany amin'ny tanora anankiray izany.

• Mety hitranga koa ny hoe tsy dia tsara loatra ny tomban'ezaka azo teo amin'ny hetsika iray, kanefa nanome "traik'efa" tsara ho an'ny mpandray anjara rehetra ilay hetsika.

• Satria moa "any anaty" no iantefan'ny "traik'efa" dia iarahana mahalala fa tsy azontsika mpanabe atao ny manery "traik'efa" hitsofoka, na hanova izay efa tafiditra, fa ny hany azontsika atao dia manatsara sy mikitika ny "hetsi-panabeazana" mba hahatratrarana izay tian-kahatongavana izay.

Izay rehetra izay no mahatonga ny hoe:

• Ny Fandaharam-panabeazana rehetra izay atsangana dia tokony hisy "hetsika" isan-karazany sy miovaova, manaitra sy mahaliana ny tanora.

• Ny hetsika rehetra dia tsy azo atao tampotampoka eo fotsiny, tokony voahevitra tsara, nosafidiana tsara, nomanina tsara. Rehefa vita dia tombanana tsara ny ezaka vita, inona no nety, inona no mila hatsaraina amin'ny manaraka ?

• Tsy ampy ny hoe nanatanteraka hetsika iray, tsy ampy koa ny hoe tanteraka antsakany sy andavany ilay hetsika, mila mahay mijery tsara isika mpanabe hoe inona no tokony ho "traik'efa" azony tao anatin'izay hetsika izay, ary nitondra inona izany teo amin'ny fivoarana maha olona feno azy.

**b) Ny HETSIKA sy ny VOKATRA HO TRATRARINA FANABEAZANA (Activité et Objectif éducatif)**

• Mety hitranga ny hoe mifidy hetsika iray mba hanatrarana vokatra ho tratrarina iray,

**Ohatra :** Asaina manomana fety hatao eo amin'ny afon-dasy ireo tanora, satria manana vokatra tiana ho tratrarina ny mpanabe mba hivoatra amin'ny lafiny fiteny sy fihetsika ara-batana izy ireo, mba hitombo amin'ny fahaizana mandrindra, fahaizana mitantana sy mifehy ny fotoana, ny fandrindrana ny ekipa, mba hahazo fifaliana ao anatin'ny fety...

• Mety hitranga ihany koa ny hoe atao ilay hetsika dia avy eo manao tomban'ezaka ny mpitarika mijery ny vokatra ho tratrarin'ny Fanabeazana mety ho azo avy taminy.

**Ohatra :** Nanapa-kevitra i Daniel fa hanamboatra gazety atao amin'ny rindrina ao amin'ny lasy, miaraka amin'ny ekipany. Tamin'ny tomban'ezaka farany no nahafahany nahalala fa mahay manao lahatsoratra tsara izy, mahay mikaroka vaovao sy manao hatsikana hanaingoana izany, fantatra koa fa nahaliana ny rehetra izany gazety napetaka tamin'ny rindrina izany. Nahazo karazana fomba fitenenana maro izy tamin'izany ary afaka nampiasainy tao amin'ny vondrona misy azy izany avy eo. Mendrika azy ny notolorana talenta "mpanao asa fanaovan-gazety".

• Arak'izany dia tsy voatery hivaingana be mivantana eo no ho eo avy amin'ny hetsika tsy akory ny vokatra ho tratrarina ara-panabeazana, fa kosa hoavy tsikelikely,

### H- Fomba fanabeazana eo amin'ny Sampana

Mila jerena tsara ny fampiharana ny Fomba fanabeazana eo amin'ny sampana. Tsy maintsy arindran'ny mpiandraikitra ny singa tsirairay ao anatiny satria tahaka ny orikesitra iray izy io, raha misy iray mivalana, na iray maneno be loatra noho ny hafa dia simba ny mozika manontolo. Anisan'ny misongadina ao anatin'ny Fomba fanabeazana ny maha zava-dehibe ny olona samy olona. Eo amin'ny fiainan'ny mpiray vondrona, sy ny fifandraisan'ny lehibe sy beazina. Tsy azo hamaivanina fa tena mitana anjara andraikitra lehibe io fifandraisan'ny olona samy olona io eo amin'ny fomba fanabeazana, n'inon'inona sampana resahana, ary tsindriana fa tsy Rafitra « ambony sy ambany » tsy akory ny lehibe sy beazina fa fifandraisana zoky sy zandry, tohana sy fifampitantanana.

Mivoatra manaraka ny fivoaran'ny sampana ny fampiainana ny Fomba fanabeazana ao amin'ny sampana. Raha « Ankalamanjana » na « fiainana eo anivon'ny natiora » ohatra no resahana, dia « Tantaran'ny Atiala » no hiainan'ny Lovitao azy, ary « Ady amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro » no mety hiainan'ny Menafify azy. Raha « asa tanana » tsotsotra no ataon'ny sampana Mavo eo amin'ny « fampianarana amin'ny alalan'ny asa », rehefa tonga any amin'ny Menafify « resaka mekanika fiarakodia » ohatra no ifampianarana amin'ny alalan'ny asa....

Miroso miandalana manaraka izany koa ny fivoaran'ny « tontolo nofinofy mankany amin'ny tontolo tena izy » sy ny sehatra irotsahan'ny sampana eo amin'ny fiaraha-monina : raha ao amin'ny ankohonana ao an-trano no iandohan'ny sehatra irotsahan'ny sampana mavo, dia efa mivoatra ho tonga hatrany amin'ny asa firotsahana iarahana amin'ny sehatra nasionaly sy manerantany mihitsy aza izany rehefa sampana zokiny.

Manamafy amin'ny isan-tsampana izany fa manana ny maha izy azy ny sampana tsirairay, fa tsy misy hoe Fomba Fanabeazana miha lefy rehefa miroso amin'ny sampana zokiny.

### I- Fivoara-tenan'ny tsirairay


Tsindriana manokana hatrany fa ny « tsirairay » no beazina ato amin'ny Fikambanana fa tsy « vahoaka » ; tao anatin'ny boky « Guide du chef éclaireur » dia manamafy fa azo atao tsara ny mampianatra zatovo marobe, eny na aman'arivony aza, rehefa manana tetika sy paika hampitana izany fampianarana izany, fa saingy « tsy fanabeazana izany ». Anisan'ny mahatonga ny tanora skoto ho tamana amin'ny fikambanana ny fahatsapany fa nisy fivoarana ny tenany nandritry ny naha mpikambana azy. Ny « ambaratonga sy talenta » isan-tsampana no fitaovana ampiasaintsika amin'ny fanarahana akaiky izany fivoaran-tenan'ny tsirairay izany, miaraka amin'ireo fisy isan-karazany natao hanamorana ny asa fanabeazana.

Tandremana tsara fa na « fandaharana iray » aza no atao, tanjona sy zava-kendrena iray, tsy midika izany fa ho « lasitra iray » no androtsahana ny tanora beazina, ka ho tonga olona mitovy tsy misy valaka izy rehetra. Hetsika iray no atao, Fandaharana iray, fa samy hanana ny fivoarantenany ny tsirairay amin'ireo beazina izay manatrika ny sahan'asa. Izay no anisan'ny maha sarotra ny andraikitry ny mpiandraikitra, mijery ny taha tsara ao anatin'ny tanora beazina ao aminy, mety ho 5% fotsiny amin'ny toetrany aza no tsara, hoy Baden Powell, kanefa ny andraikitry ny fanabeazana skoto dia ny hampitombo io 5% io, ary hampihena ny 95% toetra ratsy tao anatiny.

Hamafisina fa hanabe tanora ho tonga « mahaleo tena » ny fikambanana, kanefa koa hanabe azy ho tonga « olon'ny fiaraha-monina ». Aorian'ny « fivoaran-tenan'ny tsirairay » dia hirotsaka ho an'ny « fiaraha-monina » izy.

## 3- FANDAHARAM-PANABEAZANA 2018-2021
### « Ny hoavy no aorintsika »

Manoloana izany rehetra izany, dia nandray ny iray amin'ireo sary nataon'i Baden-Powell isika ho sary famantarana amin'ity taom-piasana 2018-2021 ity. Zatovolahy manao izay ihoarana amin'ireo toetra dimy miseho matetika sy mampifanditra ny fiarahamonina amin'izao fotoana izao :




**IREO VIKINA DIMY**
Tily Eto Madagasikara

- Fitiavan-tena
- Fanavakavahana ara-pirazanana sy fihaviana
- Fahasamihafana ara-pinoana
- Tsy fitovian-tsaranga
- Tendro-po

Isika rehetra no hiaraka hanao ezaka hitsambitsika izany sakana izany, mba hahafahantsika miroso amin'ny « tontolo tsaratsara » kokoa eo anivon'ny fiarahamonina, ka hahazoantsika ilay fanilo hanamarika izany fandresena izany aoriana. Mila ezaky ny tsirairay, mila toe-tsaina miabo ary mila toe-tsaina skoto.

**IRAKA TILY ETO MADAGASIKARA :**
Handray anjara amin'ny fanabeazana ny tanora, miainga amin'ny soatoavina voasoritra anaty Lalàna sy Fanekena, mba handraisan'izy ireo anjara amin'ny fanorenana tontolo tsaratsara kokoa, tontolo honenan'ny olona anaty fifaliana, vonona handray anjara amin'ny fampandrosoana ny fiarahamonina misy azy.

**VINA TILY ETO MADAGASIKARA :**
Amin'ny taona 2023 (afaka 5 taona eo) dia hitombo avo 1.2 ny ambaindahin'ny fikambanana Tily eto Madagasikara, raha miohatra amin'ny isa iaingana ankehitriny, ary hahatonga ireo tanora ireo ho olom-pirenena hitondra fanovana tsara ho an'ny tontolo misy azy. Ao anatin'izany dia ny Fikambanana Skoto no ho Fikambanana manana mpikambana betsaka indrindra eto anivon'ny Firenena Malagasy, raha Fikambanana manabe tanora no jerena.

**ZAVA-KENDREN'NY TILY ETO MADAGASIKARA :**
Ny zava-kendren'ny Tily eto Madagasikara dia ny hanabe sy hikolokolo ireo zazalahy, amin'ny maha-olona feno: ara-batana, ara-tsaina, ara-panahy, ara-piaraha-monina ary ara-pihetseham-po, ho vanona sy vonona, ilain'ny Firenena, hahatonga azy ireo ho Tanora :

> **V**avolombelon'i Jesoa Kristy
> **O**lom-pirenena vanona
> **A**ndrin'ny Fianakaviana

**ZAVA-MISY ANKEHITRINY :**
Mba hahafahantsika miroso amin'ny fijerena laharam-pahamehana sy firosoana amin'ny drafitra telo taona ho an'ny Fanabeazana eto Madagasikara, dia ndeha aloha hojerena ny zava-misy eto amintsika manoloana izany lafiny teorika rehetra iarahantsika mahalala izay.

« Manao jery todika ny lasa sy ankehitriny, mba hanorenana ny hoavy »

1) Tsy tena misongadina ireo tanora Tily ankehitriny amin'ny fitaizam-batana, na ny ho an'ny tenany na ny ho an'ny hafa, raha toa ka anisan'ny soatoavina napetrak'i Baden Powell izany tany am-piandohana. Raha ho an'ny fitaizam-batana ohatra dia tsapa tsy hoe isan'ny laharam-pahamehan'ireo tanora ankehitriny intsony ny fijerena sy fikolokoloana akaiky ny vatana, na eo amin'ny lafiny sakafo, na fahadiovana, na fanatanjahan-tena samihafa, sns ... Eo ihany koa ny lafiny «vonjy voina » ohatra, tsy afaka mamaly ny filàn'ny fiarahamonina intsony isika ankehitriny raha sendra misy voina an-dàlana na an-trano, ka nahazatra ny fiarahamonina fahizay nanao hoe « misy skoto ve hamonjy voina » ?

2) Tsy manasongadina ireo Lalao izay mitarika ny Tanorantsika « haranintsaina » intsony isika olon-dehibe mpitarika ankehitriny. Ireo mpiandraikitra izay mifandray mivantana amin'ireo beazina rahateo tsy nomena ofana sy fampitaovana ahafahany miroso amin'izay fanabezana ho an'ny saina matsilo izany. Tsy tsaroana loatra ny fanaovana ho zava-dehibe ireo lalao mitarika ho amin'ny « fandinihana, fitadidiana, asa saina, ... » ka zary ho lalao hifaliana sy hifanentanana fotsiny ihany, tsy mizotra mankany amin'ny lalaon-tsaina isan-karazany.

3) Maro amin'ireo tanorantsika no tsy mbola manana faharesen-dahatra sy fahamatorana eo amin'ny fanarahana an'i Jesoa Kristy, Tompo sy Mpamonjy antsika. Raha ny ho « Vavolombelon'i Jesoa Kristy » no anisan'izay zava-kendrena ho «VOA » vokarintsika Tily eto Madagasikara, dia azo lazaina hoe mbola mila ezaka isika amin'izany. Ary ny mampalahelo aza indraindray dia isika olon-dehibe natao hitarika azy ireo no manao ny zavatra mifanohitra amin'izany fitoriana ny Filazantsara izany, ka zary sanatria vao mainka hampihemotra ny manodidina ny amin'ny irosoana ho isan'ny mpikambana.

4) Raha nanentana ny skoto hanao « asa soa » iray isan'andro Baden Powell tany ampiandohana, dia ho fanoroana antsika hitondra fampandrosoana amin'ny tontolo misy antsika, eny fa na amin'ny endriny heverina ho madinika aza izany. Toa zary tsy tsaroan'ireo

tanorantsika loatra ihany izany ankehitriny, ary ny fiarahamonina manodidina dia tsy mahalala intsony akory fa ny skotisma dia fikambanana mitaiza tanora handray anjara amin'ny fampandrosoana ny fiarahamonina manodidina azy. Hatramin'ny « fahalalam-pomba » kely indrindra isan-karazany, miaro ireo kolontsaina maha Malagasy antsika dia azo lazaina fa miha very sy tsy tazana amin'ireo tanora beazintsika. « Mpitondra hafatry ny fandriampahalemana », raha tarafina amin'ireo karazana ady hevitra sasantsasany miseho etsy sy eroa amin'ny samy tanora skoto, dia mahatahotra ny mihevitra hoe tena mbola « mpitondra hafatry ny fandriampahalemana » tokoa ve ?

5) « Ny tendrom-po tsy mba namana » hoy ny Ntaolo Malagasy, ary ny lalànantsika Tily dia mivoy ny hoe « mihira sy mitsiky ny Tily raha sendra ny sarotra ». Aiza ho aiza no fijerentsika izany ankehitriny amin'ireo tanora Tily, manoloana ny zava-misy, ny fivoarana ara-teknolojia isan-karazany, raha nanafatra Baden Powell tamin'ny taratasy farany napetrany hoe « jereo mandrakariva ny lafy tsaran-javatra fa tsy ny lafy ratsy » aiza ho aiza toe-pon'ireo tanorantsika manoloana izany ? Moa va tsy vokatra mifanohitra amin'izany ny « fanakianana » miseho etsy sy eroa na eo anivon'ny Tily na eo anivon'ny fiarahamonina ankapobeny ? Izay tsy lavitra fa akaiky sy mahakasika mihitsy aza ireo tanorantsika indraindray.

Raha avondrona izay rehetra izay ho fitarihana ny saintsika, dia resy lahatra ny amin'ny hametrahana ho laharam-pahamehana aloha ny fifantohana amin'ireo seha-panabeazana amin'ny maha olona feno : ara-batana, ara-tsaina, ara-panahy, ara-piaraha-monina ary ara-pihetseham-po, hahafahantsika manabe sy mikolokolo ireo Tanorantsika ho Olom-banona, maranin-tsaina, Tily Kristiana, olon'ny fiaraha-monina ary manana toe-po modely. Ireo rahateo no fototra nametrahan'ny mpanorina azy tany ampiandohana, izay novelabelarina tamin'ny endriny samihafa taty aoriana.

Arak'izany dia ireto manaraka ireto no heverina ho tanjonina amin'ny Fandaharam-panabeazana 2018-2021 ho an'ny Fanabeazana Tily eto Madagasikara. Aorian'ny fotoana hialàn'ny tanora iray tsy ho isan'ny mpikambana beazina intsony eto amin'ny Fikambanana, izany hoe aorian'ny fotoana avy itsofan-drano azy avy ao amin'ny sampana Menafify, ny Tanorantsika dia ho :

# Teboka dimy tanjonina
# Fandaharam-panabeazana
2018-2021




Vatana

Tanora Tily manabe ny tenany ho salama sy tomady, vonona hamonjy ny hafa amin'ny voina mety mahazo, mampiasa ireo vavahadin-tsaina dimy, manao ho zava-dehibe ny asa tanana hampivelatra ny saina ary hitondra fampandrosoana ny tontolo misy azy

Saina




Tanora Tily marani-tsaina, tia mikaroka, tia mandinika sy mandalina ny zava-misy manodidina azy, mitazona ny hazomangan'ny kolo-tsaina malagasy, nefa koa mizotra manaraka ny fivoaran' ny teknolojia sy mandanjalanja izany. Afaka manampy ny hafa ara-tolo-kevitra ny amin'ny olana mety ilàny fanampiana




Fanahy



Tanora Tily miorina ara-panahy, mibe amin'ny alalan'ny Tenin' Andriamanitra, miaina ny fiainana kristiana amin'ny fiainany andavan' andro, olon'ny Fiangonana ary mijoro ho vavolombelon'i Jesoa Kristy amin'izay rehetra alehany

Fiaraha-monina



Tanora Tily mandray andraikitra eo anivon'ny Fiaraha-monina, Tily feno fanajana ny hafa ary mpitondra hafatry ny fandriampahalemana, andrin'ny Fianakaviana, olom-pirenena vanona, mikolokolo ny natiora sy ny tontolo iainana ary miomana hatrany ho an'ny famoronana tontolo tsaratsara kokoa

Fihetseham-po



Tanora Tily mahay mitantana ny fihetseham-pony, mijery miabo mandrakariva mba hanana vokatra miabo, mihira sy mitsiky raha sendra ny sarotra, ary mizara fifaliana sy mahatsindry fo amin'ny toe-javatra atrehany rehetra

**Mba hanatrarana izany dia misy ireo zava-kendrena isan-tsampana araka ny sokajin-taonany avy**

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| **ARA - BATANA** | ***Ny fizotry ny fiasan'ny vatana sy ny fivoarany*** | Afaka **mitanisa ireo singa** sy taova lehibe rehetra ao anatin'ny vatany sy ny toerana misy azy | Afaka mahalala ny **fizotra ankapoben'ireo taova** lehibe miasa ao amin'ny vatana | **Afaka manazava ny fizotry ny fivoaran'**ny tena eo amin'ny ara-batana sy ara-tsaina | Resy lahatra fa **manana anjara lehibe ny tenany** manokana amin'ny fivoaran'ny vatany ara-dalàna |
| | ***Ny maha-sarobidy ny fahasalamana sy fikolokoloana an'izany*** | Manao ezaka hanaraka tsara ny toro-hevitry ny lehibe ny amin'ny **fikarakarana ny vatana** ary afaka mitanisa izany | Mahalala ireo tokony atao mba **ho fikolokoloana** ny vatana mba **ho salama** | Mahalala ireo tokony atao raha sanatria misy mahazo ny vatana : **vonjy voina** *(an-trano, an-dàlana, an-dasy*) ary mikolokolo ny vatany amin'ny fomba rehetra : **fahadiovana** isan'andro, miala amin'ireo **fahazaran-dratsy** mety hanimba, ny fandanjalanjana ny **sakafo**, ny **fanatanjahan-tena** isan'andro | Resy lahatra tsara amin'ny maha **sarobidy ny fahasalamana**, miaina sy mampiaina ny fikolokoana izany ho an'ny tena sy ho an'ny hafa |
| | ***Ny fampiasana sy fampitomboana ny vatana sy ny vavahadin-tsaina 5 (fahitana, fahenoana, fanandramana, famboloana, fitsapana) sy fampiasana ny tanana*** | Afaka **mitanisa ireo vavahadin-tsaina 5** eo amin'ny vatana ary miroso amin'ny **fampiasana ny tanana** amin'ny sahaza azy | Afaka mitanisa ny **fikolokoloana manokana** ireo vavahadin-tsaina 5 eo amin'ny vatana mba ho salama **sy hitombo sy ny fomba fiasany,** mahay asa **tanana** sahaza ny taonany | Mahafantatra tsara **ny vatany** sy **fahaizany manokana** eo amin'ny **vavahadin-tsaina 5** sy ny **fampiasana ny tanana** | Mahafantatra tsara **ny vatany** sy **fanomezam-pahasoavana manokana** eo amin'ny vatana ary **mampiasa izany ho hery fiasana** hampandrosoana ny fiaraha-monina |

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| **ARA - TSAINA** | *Ny fitadiavana sy fikarohana ny zava-misy manodidina (curiosité, exploration, enquete, observation)* | Afaka **mitanisa** izay zavatra manaitra azy sy **nanintona ny masony** | Mahalala fa **ilaina ny mampitombo ny fahalalana** ny zavatra manodidina | Mampitombo **fahalalana mirona kokoa any amin'izay heveriny hitodihana** amin'ny asa aman-draharaha mety ho **safidiana** | **Mandalina ny fahalalana tiany** ratovina, **mifantoka** amin'izany ho lahasany manokana |
| | *Fanodinana ny zava-misy (analyses des données, tri et classement, mémorisation)* | Afaka **mitantara** fohy amin'ny Andiany ny zava-nisy hitany, afaka misitona famintinana avy amin'izay tantara hitany | Afaka **milaza ny heviny manokana** momba ny zava-nisy anankiray niainany, sy ny mety ho fijery amin'ny lafy hafa koa | Afaka **mamintina zava-misy** iray, ny fomba **fijeriny azy manokana,** ary ny **soso-kevitra** arosony momba izany | Manana **fahafahana mamaha olana** amin'ny endriny maro, **mampitombo hatrany ny fivoaran'ny saina** hirosoana amin'ny **fahaiza-mamorona** sy **hairaha** |
| | *Famahana olana (Esprit d'invention et créativité, expérimentation, hypothèses et déductions)* | Afaka mitanisa ny fomba fampiasana zavatra izay fantany, ary afaka **maneho soso-kevitra amin'ny olana madinika** izay hitany | Afaka **mitanisa ireo olana eo amin'ny zava-misy** iray, ary afaka **miara mikaroka vaha-olana** momba izany | Mandray **anjara mavitrika eo amin'ny fananganana** zava-baovao foronina iray izay ampiasana teknolojia vaovao | **Mampiasa ny siansa ny teknolojia** ho fitaovam-piasana amin'ny **fiainana,** ho fanampiana ny **hafa** ary ho fampandrosoana **ny fiaraha-monina** |

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| **ARA - PANAHY** | *Famantarana tsara **ny Finoana*** | Mamantatra ireo **tantara ao amin'ny Baiboly** ary **mandray anjara** amin'ny fitarihana **fotoam-pivavahana** ao amin'ny **Andiany** | Afaka mikarakara sy mitarika **hetsika anaty "natiora"**, ary mahita ny **fahatsaran'Andriamanitra** sy **halehiben'Andriamanitra** ao anatin'izany | Afaka **mikarakara sy mitarika hetsika** hitarihana ny vondrona **hitombo amin'ny "aim-panahy"** | **Vavolombelon'i Jesoa Kristy** amin'izay rehetra ataony sy alehany. **Mitory amin'ny fiaraha-monina** misy azy amin'ny alalan'ny fomba samihafa |
| | *Fandraisana anjara mavitrika ao amin'ny **Fiangonana*** | **Manana fahazarana miara-mivavaka** ny andro Alahady ary mianatra **Sekoly Alahady** | Mahay **mifandray tsara amin'ny tanora hafa tsy miray finoana** ary afaka mandalina tsikelikely ny finoana misy azy | Miroso miha lalina amin'ny **fandalinana ny finoana** misy ny tenany : **ny tantara, ny fototra, ny fomba** | **Mahazo tsara ny fototra ijoroan'ny Fiangonana** misy azy, ary koa **manaja ny an'ny hafa** |
| | *Fampiharana ny **aim-panahy** amin'ny fiainana an-davanandro* | Afaka **mitanisa ireo toetra** tokony ananan'ny **ankizy kristiana** ary miaina izany | Afaka **mitondra tena kristiana tsara**, indrindra amin'ny **andro sarotra** | Mandalina hatrany ny **toetra amam-pihetsika, fiteny kristiana** miohatra amin'ny finoana misy ny tena | **Hita amin'ny fiainany andavan'andro** ny fiainam-panahy ary mitondra **fiovana miabo eo amin'ny fiaraha-monina** |

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| **ARA - PIARAHA-MONINA** | *Ny **fifandraisana** amin'ny hafa* | Mamporisika ny rehetra **hanaja ny hevitry ny hafa, hanoa ny lehibe** ary **hanaja ny kely** noho izy | **Misokatra amin'ny karazan-kevitra rehetra**, amin'ny **kilasy sosialy rehetra,** amin'ny karazam-piainana samihafa | Afaka **mamantatra ireo karazana teboka mety hiteraka fizarazarana** ary afaka miady amin'izany ***(Fihaviana, firazanana, finoana, saranga, ... )*** | Afaka **mampiaina ireo fahasamihafana** ara koltoraly ho **tonga harena** fa tsy sanatria fizarazarana |
| | *Ny fiainana **anaty vondrona*** | Afaka **manaja ny lalàna ifampifehezan**'ny vondrona anaty lalao, ary **mamita ny andraikitra apetraka** aminy manokana ao anaty Enina | Mifanampy eo amin'ny **fanapahan-kevitra ao anaty vondrona**, ary afaka mandray anjara amin'ny **fananganana lalàna ifampifehezana** ao anaty vondrona | Afaka **mitazona andraikitra "mpitarika"** ao anaty vondrona iray *(médiateur, tuteur, mentor)* | Afaka **miara-miasa ao anaty vondrona** mba hanaovana **tetik'asa iraisana** hampandrosoana ny **fiaraha-monina** manodidina |
| | *Ny momba ny **fanampiana ny hafa**, sy ny fanaovana ho zava-dehibe ny **tombotsoan'ny maro** sens du service, sens de l'intérêt général* | **Mahay mizara izay azy** ho an'ny hafa, **mahalala ny zon'ny ankizy** sy ny **fisehon'izany** eo amin'ny fiaraha-monina | **Mahalala ny zon'olombelona** ary afaka manazava izany amin'ny vondrona misy azy | Mahalala ny **zava-doza mitranga** amin'ny tsy fanajana ny **zon'olombelona** ary afaka manangana **tetik'asa** ho fampahafantarana ny fiaraha-monina momba izany | Afaka manazava tsara amin'ny fiaraha-monina manodidina azy ny momba ny **zon'olombelona**, ny zava-misy sy ny antony mahatonga ireo tsy fanajana azy, ny **fisehony sy ny tokony atao** manoloana izany |

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| **ARA-PIHETSEHAM-PO** | Ny **fihetseham-pon'ny tena** manokana | Afaka **mitanisa ny karazana fihetseham-po** mety hisy amin'ny olona tsirairay | Mahalala fa **afaka afindra amin'ny hafa ny fihetseham-po** ary mizara **fihetseham-po tsara** ho an'ny vondrona | **fifanakalozan-kevitra matotra** amin'ny namana sy ny fianakaviana | Olona **mahafehy ireo teknikam-pifandraisana** samihafa ilaina eo amin'ny fiainana an-davanandro |
| | Ny **fanehoana fihetseham-po** amin'ny endriny samihafa | Afaka **maneho amin'ny fomba natoraly** ny fihetseham-po misy ao anatiny amin'ny alalan'ny hetsika samihafa izay ataon'ny sampana | **Mahafantatra tsara ny tenany** ka afaka **mamehy ny fihetseham-pony** amin'ny karazana zava-mitranga samihafa | Mahalala ny fizotry ny firindran'ny fo sy saina manoloana ny **fitiavana sy ny tontolony** | Olona **matotra** tsara **ara-pihetseham-po,** mahay mandrindra izany amin'ny fiainany manontolo |
| | Ny **fahaizana mamehy** ny fihetseham-po amin'izay rehetra miseho | Mahay mifandray tsara amin'ny enina misy azy, **maneho ny heviny sy ny fihetsem-pony, tsy mandratra** ny hafa | Mahay **mifandray tsara amin'ny mpiray sokajy, mahay mihaino** sy mahay milaza ny heviny am-panajana | **Olona mihaino ny hafa,** milaza ny heviny am-panajana amin'ny endrim-pifandraisana rehetra mety hiseho | **Mifandray tsara amin'ny hafa** amin'ny sehatra rehetra |

## SOSO-KEVITRA FANDAHARANA :

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| ARA - BATANA | *Ny Vatana* | Famantarana momba ny vatana, ny toerana misy azy (hita maso na any anatiny) sy ny asany ankapobeny | Famantarana momba ny vatana, ny toerana misy ireo taova tsirairay (hita maso na any anatiny) Ny fiasan'ireo singa tsirairay amin'ny vatana sy ny fiaraha-miasan'izy ireo hampirindra ny fiainan'ny vatan'olombelona | Famantarana sy fandalinana momba ny fivoaran'ny tenan'ny olombelona, miainga amin'ny fahazazana hatramin'ny lehibe (ara-batana sy ara-tsaina) | Fandraisana anjaran'ny tena manokana, ankoatry ny fizotra ara-natoralin'ny vatana, ny fivoaran'ny vatana ho ara-dalàna sy salama. Fampitana izany amin'ny fiaraha-monina manodidina azy |
| | *Ny Fahadiovana* | Fomba fanasana tanana, fiborosiana nify, fanadiovana ny tena irery, fanadiovana fanamiana | Fizarana amin'ny fahadiovan'ny tena sy ny fitafiana, famantarana ny sakafo ara-pahasalamana : fatra ilaina, sakafo misy hery fiarovana, sakafo tsy azo hanina be loatra, sakafo tsy zaka... | Fikajiana hatrany ny fahadiovan'ny tena sy ny fitafiana, sakafo ara-pahasalamana, voka-dratsin'ny tsy fitandremana ara-tsakafo sy ny zava-mahadomelina | Fikajiana hatrany ny fahadiovan'ny tena sy ny fitafiana, sakafo ara-pahasalamana, voka-dratsin'ny tsy fitandremana ara-tsakafo sy ny zava-mahadomelina. Fiainana sy fampitana izany amin'ny fiaraha-monina |
| | *Ny Fanatanjahantena* | Fomba sy fotoana fanaovana "ala vonkona" | Fanatanjahan-tena : dian-tongotra isan'andro, lomano, bisikileta, hafa... | Fanatanjahan-tena isan'andro : dian-tongotra lavitra, kotrana, lomano, bisikileta, hafa ... | Fanatanjahan-tena isan'andro : dian-tongotra lavitra, kotrana, lomano, bisikileta, hafa ... Fampitana izany amin'ny fiaraha-monina (Tetik'asa Rano fisotro madio, Fidiovana sy Fahadiovana ...) |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | *Vonjy Voina* | Fitsaboana ratra madinika, bandage tsotra, zava-maniry fanao fanafody, fiantsoana SOS, brancard tsotra, lisitra fanafody anaty boatim-panafody, | Fitsaboana may, folaka, tapaka, vaky rà. Fanangonana zava-maniry fanao fanafody, famantarana ireo toeram-pitsaboana rehetra manodidina | Vonjy voina (vaky ra, may, folaka, tapaka, mifanintona, safotra, miletika anaty rano, …) Fandalinana fampiasana ireo fanafody anaty boatim-panafody, Fandalinana zava-maniry fanao fanafody, fanomezan-drà maimaim-poana | Atrika loza ara-boajanahary, trano na tanàna may, areti-mifindra na areti-mandringana eo amin'ny fiaraha-monina. Fiaraha-miasa amin'ny toeram-pitsaboana eo amin'ny fiaraha-monina (Croix Rouge, CSB II, … ) |
| | *Ny Vavahadintsaina 5* | Famantarana ireo vavahadin-tsaina 5 eo amin'ny vatana sy ny fomba fiasany, Lalao mampiasa maso, sofina, lela, fitsapana, orona… | Famantarana ireo fikolokoloana tokony atao mba hahatonga ireo vavahadin-tsaina 5 hitombo sy hiasa tsara, sy ny fitandremana mila atao mba tsy hanimba ireo, Lalao ngeza mampiasa maso, sofina, lela, fitsapana, orona… | Famantarana ny tena manokana sy fandrindrana ny fampiasana ireo vavahadin-tsaina 5 hiara hiasa hirosoany amin'ny asa tsara | Famantarana ny tena manokana, ny fanomezam-pahasoavana ananana eo amin'ny vatana, hitondra fampandrosoana eo amin'ny fiaraha-monina manodidina |
| | *Ny tanana* | Asa tanana sahaza ny ankizy (taratasy, baoritra, pilasitika, lamba… ) | Asa tanana sahaza ny taonany, famantarany tsikelikely izay asa tanana mety manavanana azy kokoa sy mahaliana azy kokoa | Sahan'asa mampiasa ny tanana, hampivelatra ny saina, hampandrosoa ny Fiaraha-monina | Famantarana ny tena manokana, ny fanomezam-pahasoavana ananana eo amin'ny vatana, hitondra fampandrosoana eo amin'ny fiaraha-monina manodidina |

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| **ARA - TSAINA** | *Fizahan-tany* | Fizahantany sahaza taona lovitao, tsongo dia, taratasy miafina, Famantarana ny Avaratra, Atsimo, Andrefana, Atsinanana, famakiana boussole… | Fizahantany, Tatitra am-bava sy an-tsoratra, Famakiana sarintany, tombana, Famantarana avaratra amin'ny fomba samihafa, | Fizahantany lavitra, Famantarana Avaratra amin'ny alina, Code de la route miasa matetika, TOPO tsotra sy Guilwel, | Fizahantany lavitra, code de la route, "techniques de survie", |
| | *Famoronana, Fiainana amin'ny zava-misy, zava-kanto* | Famoronana tantara kely, famoronana sary, famoronana asa tanana… Zava-kanto : hira, mozika | Fiainana manoloana ny zava-misy : cuisine trapeur, famoronana (inona no zavatra ilaina, inona no zava-misy, inona no azo atao…) | Tontolon'ny Famoronana | Tontolon'ny Famoronana hitondra fanatsarana eo amin'ny Fiaraha-monina |
| | *Fikolokoloana Fitadidiana, Fandranitana ny saina,* | MORSE, Messages secrets, KIM, | MORSE, Sémaphore, Messages secrets, KIM, | MORSE, Sémaphore, Messages secrets, KIM, Psycho-technique, | Teknika fikolokoloana Fitadidiana sy Fandranitana ny saina, fampitana izany amin'ny Fiaraha-monina |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | *Fanadihadiana sy Famahana olana manoloana ny tranga iray* | Fiarahan'ny mpiray Enina mamaha olana iray miaraka (Inona no zava-misy, inona no vaha-olana azo raisina) | Fiarahan'ny mpiray sokajy miara-mamaha olana, Fanadihadiana miaraka momba ny Fizahantany natao, na zava-misy iray, fanaovana tatitra am-bava sy an-tsoratra ny zavatra hita, fanomezana soso-kevitra tsotra mety azo atao | Fandalinana tsotsotra momba zava-misy manoloana, Fomba fanomezana soso-kevitra hamahana olana, teknika fanolorana soso-kevitra | Fanadihadiana momba ny Fiaraha-monina manodidina sy ny zava-misy ao aminy (alphabétisation, fotodrafitr'asa, ...) Fomba fananganana tetik'asa isan-karazany hamahana olana hita eo amin'ny fiaraha-monina, Fanoratana boky, fitantanana, Fomba fanomezana soso-kevitra |
| | Fanomanana ny hoavy | Fitondran-tena mpianatra mazoto, zon'ny ankizy ny mianatra, famakiana boky, | Famantarana tsenan'ny asa, famakiana boky, fifamporisihana amin'ny fianarana, | Fitsidihana Orinasa, Famantarana tsenan'ny asa, Famantarana tsara ny tena sy ny fanomezam-pahasoavana manokana ananana sy manavanana, Ny atao sy tandremana rehefa hanao safidy momba ny hoavy manokana | Fandalinana momba ny safidy manokana, fanampiana ny hafa hitodika amin'ny hoavy, fomba fitadiavana asa, |

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| ARA -PANAHY | *Ny Foto-pinoana sy ny Fiangonana* | Tantaran'i Jesoa, Davida sy Goliata, Josefa sy ny rahalahiny, Samsona, Kaina sy Abela, Zakaiosy, ilay samaritana tsara fanahy... | Toriteny nataon'i Jesoa, Didy folon'Andriamanitra, | Fandalinana ny foto-pinoana misy ny tenany : tantara, fototra, fomba … | Fanazavana ny foto-pinoana amin'ny hafa, sy famantarana ny foto-pinoana hafa |
| | *Ny Baiboly : Tenin'Andriamanitra* | Fizaran'ny Baiboly sy ny isan'ny boky ao aminy, fitadidiana anaran'ny boky ao amin'ny testamenta vaovao | Fizaran'ny Baiboly sy fitadidiana anaran'ny boky ao amin'ny testamenta taloha | Famakiana ny Tenin'Andriamanitra isan'andro, fiaraha-mandinika ny Tenin'Andriamanitra, | Asa fampielezana ny Baiboly sy ny Tenin'Andriamanitra amin'ny Fiaraha-monina manodidina |
| | *Ny Vavaka* | Vavaka isan'andro manokana, vavaka nampianarin'ny Tompo, Fomba fitarihana fotoam-pivavahana ao amin'ny Andiany | Vavaka isan'andro manokana, Fanekem-pinoana kristiana, vavaky ny Tily | Vavaka isan'andro manokana, vavaka amin'ny fotoana rehetra ( fivoriana, fifaliana, fahoriana, fangatahana manokana, … ) | Fiainam-bavaka sy fampitana izany amin'ny fiaraha-monina misy azy |
| | *Ny aim-panahy eo amin'ny fiainana an-davanandro* | Fitarihana hazoto ho amin'ny fiaraha-miangona sy fanajana ny andro Alahady | Ny fampiainana ny vavaka eo amin'ny fiainana andavanandro | Fidirana ho isan'ny katekomena, Konfirmanda | Vavolombelon'i Jesoa Kristy amin'izay rehetra ataony sy alehany. Mitory amin'ny fiaraha-monina misy azy amin'ny alalan'ny fomba samihafa |
| | *Ny Fitoriana ny Filazantsara* | Fidirana ho mpianatra Sekoly Alahady | Fifanakalozana momba ny Famonjen'i Kristy eo amin'ny mpiray sokajy | Fitoriana ny Filazantsara eo amin'ny manodidina | Asa fitoriana ny Filazantsara, |

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| ARA – PIARAHA-MONINA | Fahalalam-pomba | Fahalalam-pomba eo amin'ny ankohonana, eny amin'ny fiaraha-monina ankapobeny | Fahalalam-pomba eo amin'ny sehatra samihafa | Ady amin'ny fizarazana, fanakavahana amin'ny endriny samihafa, Ady amin'ny fitiavan-tena : "Iray vatsy, iray aina" | Tily mpitondra hafatry ny Fandriampahalemana |
| | Fiainan'ny ekipa | Fampiainana ny lalàna ifampifehezan'ny vondrona, fifampizarana andraikitra tsotra anaty vondrona | Ny fanapaha-kevitry ny vondrona, fananganana sy fampiainana ny lalàna ifampifehezana, | Ny fitarihana (Leadership) | Ny Tily sy ny anjara "Fampandrosoana Maharitra" (ODD) |
| | Zo, Fampandrosoana maharitra (ODD) | Inona avy ireo zon'ny ankizy | Inona avy ireo zon'olombelona sy ny fisehony amin'ny fiainana andavanandro, | zon'olombelona sy ny ady atao manodidina izany, | Fampiainana ny teknikam-pifandraisana rehetra amin'izay sehatra misy ny tena rehetra, Tenim-pirenena hafa, Kabary sosialy, Hairaha fitenenana imasom-bahoaka, Hairaha fandresen-dahatra, Hairaha fanomezana toro-hevitra |
| | Ny Fifandraisana | Ny fifandraisana eo amin'ny mpiray Enina sy ny Andiany | Fiainan-tsokajy mahomby, ny Fifandraisana amin'ny Fiaraha-monina ankapobeny | Ady amin'ny fitiavan-tena "Iray vatsy, iray aina" ; Teknikam-pifandraisana, Kabary tsotra | Fampiainana ny teknikam-pifandraisana rehetra amin'izay sehatra misy ny tena rehetra, Tenim-pirenena hafa, Kabary sosialy, Hairaha fitenenana imasom-bahoaka, Hairaha fandresen-dahatra, Hairaha fanomezana toro-hevitra |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | ny Tontolo iainana | Fikarakarana voninkazo na biby fiompy | Fiainana eo anivon'ny Natiora, fijerena akaiky ny fiasan'Andriamanitra eo anatrehan'ny zavaboaary isan-karazany | Ady amin'ny fiarovana ny tontolo iainana (Doro tanety, fanimbana ny ala, fanimbana ny rano, ... ) | Ady amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy fiovan'ny toetr'andro (Lutte contre le changement climatique) |
| | ny Tanindrazana sy Soatoavina Malagasy | Saina sy Hiram-pirenena, Daty malaza, Faritra 22 eto Madagasikara, | Tantaran'ny Tanindrazana, Soatoavina sy Fahendrena Malagasy | Soatoavina Malagasy, Koltoraly manerana an'i Madagasikara, Fandraisana andraikitra eo amin'ny Fokontany | Ny Fitiavan-tanindrazana |

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| **ARA – PIHETSEHAM-PO** | Ny Fihetseham-po sy ny Fiainana andavanandro | Ireo fihetseham-po misy amin'ny olombelona | "Mamindra toy ny kitrotro ny tsiky" BP ; "Mihira sy mitsiky raha sendra ny sarotra | Tetika fifanakalozan-kevitra : hevitra no miady fa tsy olona ; ny tendrom-po tsy mba namana, "Fijery miabo, Vokatra miabo" | Teknolojia sy ny manodidina azy eo amin'ny fiainana an-davanandro |
| | | Filalaovana tantara kely an-tsehatra hisehoan'ny karazam-pihetseham-po | Ny tena sy ny fihetseham-po ao anaty, ny fifehezana azy | Ny fitiavana sy ny tontolony, Ady amin'ny "fahavinirana" | Fiomanana ho amin'ny tokantrano miorina amin'ny fitiavana, fandrindrana ny fihetseham-po manoloana karazana zava-mitranga amin'ny fiainana |

## AMBARATONGA

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| ARA - BATANA | *DINGANA 1* | Mahay manasa tanana alohan'ny sakafo, Borosy nify aorian'ny sakafo, ratra madinika, mikajy ny fahadiovan'ny fitaovana ampiasainy, tsy manao maloto na manary fako eny rehetra eny, | mahavatra manao fanazaran-tena ara-batana, mahalala sy mikajy ny fahadiovana, mahay mikarakara voina madinika : ratra, kohaka, sery, mivalana. | | |
| | *DINGANA 2* | Mahay manasa ba, slip, mosoara, mahalala tombotsoa amin'ny fahadiovana, fitsaboana kibo, may, mahay mamafa trano, tokontany, manary fako. Mahavoly sy mahakojakoja zava-maniry iray | Mahay milomano mahatratra 25m, mahay miara-dia ambisikileta, mahalala tarajam-panatanjahantena iray ary mahay milalao tsara an'izany. Mahay mikarakara folaka, tapaka, vaky ra, may. | | |
| | *DINGANA 3* | Mahay manadio tena irery, vonjy voina : mandeha ra orona, tapaka, miantso SOS, bandage tsotra, mahay mametaka bokotra, manampy amin'ny fanadiovana ny sekoly, Fiangonana, manoro ny mpiray enina amin'ny fitandroana ny tontolo iainana, mahalala ny maharatsy ny doro tanety, mahafantatra ny hakanton'ny natiora | Mahay karazan-domano roa raha kely, mahavita 50km ambisikilety, mahay mitondra lakana, mananika tendrombohitra, mahay mikarakara sakafo ara-pahasalamana, mahay mamonjy olona tradoza : safotra, torana, dobo an-drano, lozam-pifamoivozana, ... | | |
| | *DINGANA 4* | Mahay manasa fanamiana lovitao, brancard tsotra, boatim-panafody, mitarika ny hafa hanaja fahadiovana, mahatarika ny namany amin'ny fitandroana ny tontolo iainana, mahatohy mamboly zava-maniry iray na efa nahavoly hazo iray | | | |

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| ARA – TSAINA | DINGANA 1 | Mahay MORSE zanatsoratra 5, Vona tsotra 3, fisian'ny Avaratra_Atsimo, KIM 6/10, tsongodia 3, | Mahay ny marika tsongodia rehetra ary mahay mampiasa tsara izany, mahay vona tsotra 10 sy ny fampiasana izany, abidy MORSE, | | |
| | DINGANA 2 | Mahay MORSE fampiasa 10, vona fanampiny 2, tsongodia maromaro, vikavika, famantaranandro, Avaratra amin'ny masoandro, KIM 14/20, karazana ankamantatra vitsivitsy, | Vona 15 sarotsarotra sy ny fampiasana izany, mahay mandefa litera 30 amin'ny abidy MORSE, 2mn fomba 4 samy hafa : 500m raha kely. Mahay mamaky sarintany sy karazam-pamantarana avaratra, manao fizahan-tany miara-droa ka mahay mitantara am-bava sy an-tsoratra ny zavatra hitany, | | |
| | DINGANA 3 | Mahay MORSE rehetra,  koja an-dasy, tsongodia rehetra, KIM maso sofina, orona 20/30, | Mahay manao sari-dalana sy saritany, mahay mamantatra ireo kintana lehibe ary mampiasa izany amin'ny famantaran-dalana, mahavita fizahantany irery ary manao tatitra momba izany ao amin'ny filankevitry ny Antoko (FKA) ary eo amin'ny Antoko avy eo. Mahay tombana, mahay momba ny orinasa iray( fandaminana, fitantanana, ...) mahay fomba fambolena fiompiana iray | | |
| | DINGANA 4 | Mahay mandefa hafatra amin'ny MORSE, mampanao KIM ny andiany, mamantatra Avaratra amin'ny alina, | | | |

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| ARA - PANAHY | DINGANA 1 | Mahay mijery Fihirana, hiram-piangonana iray na roa, vavaka tsotra, tsianjery andinintSoratra Masina iray, Mianatra Sekoly Alahady, tantara tsotra iray ao amin'ny Baiboly, | Mahay vavaky ny Tily, mahavaky toko vitsivitsy momba ny Tompo Jesoa sy ny Famonjeny. Mahay vavaka nampianarin'ny Tompo sy Fanekem-pinoana kristiana | | |
| | DINGANA 2 | Mahalala ny isan'ny boky ao am Testamenta Vaovao, mahay mijery ireo Filazantsara 4, mahalala mombamomba ny Fiangonany, mamaky teny fohy amin'ny fotoam-pivavahana, Tantara roa vaovao | Mazoto mivavaka sy mamaky teny ao amin'ny Baiboly, nandray anjara tamin'ny fitarihana fiaraha-mivavaka ao amin'ny sokajy, mahay tsianjery ny boky rehetra ao amin'ny Baiboly, mahavaky ny Filazantsara 4, nandray anjara tamin'ny fitarihana fiaraha-mivavaka, | | |
| | DINGANA 3 | Mahay vavaka nampianarin'ny Tompo, mahay mijery Testamenta vaovao, mahalala fetim-piangonana, milalao tantara eo amin'ny Soratra Masina, | Nahavaky boky iray ao amin'ny testamenta taloha ary manazava izany, efa nandray anjara teo amin'ny fitarihana fiaraha-mivavaka ao amin'ny antoko, mahalala mombamomba ireo antokom-pinoana misy eto amintsika, afaka manambara tsotsotra amin'ny namana izay tsapa momba ny famonjen'i kristy | | |
| | DINGANA 4 | Fanekem-pinoana kristiana, mahay mijery Baiboly, Testamenta Taloha, vavaka tora-po, afaka mandray anjara ao am-piangonana, mahay mitantara tantara ao amin'ny Baiboly amin'ny ankizy, tantara roa hafa | | | |

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| ARA – PIARAHA-MONINA | DINGANA 1 | Fahalalam-pomba eo amin'ny ankohonana, hiram-pirenena and1, lokon'ny sainam-pirenena, fanajana hira sy sainam-pirenena, 26 jona, mahalala ny tanàna ipetrahany, mahalala zon'ny ankizy iray, Ohabolana vitsivitsy momba fihavanana, mahalala angano iray, mahay mandoko sary tsotra, | Mahalala tantaram-pirenena, daty malaza, rafi-pitondrana eo amin'ny firenena, | | |
| | DINGANA 2 | Manana anjara mazava ao an-trano (oh : miborosy trano) mahay mifandray tsara amin'ny zoky sy zandry, mahay hiram-pirenena and2, karazana foko 5 misy eto Mkara, mahalala tanàna manodidina, mahalala ny adiresiny, mahalala zon'ny ankizy 2, ohabolana vitsy hafa, | mahay mikarakara tsara ny sakafon'ny mpiara-monina aminy, | | |
| | DINGANA 3 | Manana anjara maromaro ao an-trano, mahay mandray vahiny, mahalala ny foto-karena eto Mkara, hiram-pirenena hatramin'ny farany, faritra 22 eto Mkara, mahalala zon'ny ankizy 5, mandray anjara amin'ny hetsika momba ny zon'ny ankizy, | mahalala momba ny orinasa iray (ara-pandaminana, teknika fitantanana, ... ) Mahay manazava olana iraisam-pirenena iray : fanavakavaham-bolon-koditra, fandriampahalemana, fanjanahantany, ... Mahay manaraka ny fiainam-pirenena, mahalala fomban-drazana sy milaza ny heviny momba izany | | |
| | DINGANA 4 | Tia sy mahay mikarakara ny zandriny, mahay mividy sakafo sy mikarakara izany, mahaforona tantara na tonokalo na hira momba Tanindrazana, mahay mitarika amin'ny Fizahantany misy asa soa, mahalala karazana toerana manan-tantara, mahalala ny zon'ny ankizy rehetra, mahay hira na tononkalo mikasika ny zon'ny ankizy, mahay mampihaino tantara ny ankizy momba ny zony | | | |

# TALENTA

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| ARA - BATANA | TALENTA | FILAMATRA ARA-SKOTISMA : tia fanatanjahantena, tia fahadiovana, | FANATANJAHAN-TENA : Mpanao baolina, Mpanao tolona, mpitaiza vatana, mpitondra bisikileta, tia skate board_roller, mpilomano, mpihazakazaka, mpivoy lakana, | | |
| | | FAMPAHEREZANA ho amin'ny ASAM-PAMOKARANA : Mpanao sy tia asa tanana, | ASA TANANA : Mpanjaitra, mpanao petakofehy, mpanenona, mpisokitra, mpanety, mpandrary, mpandrafitra, mpikojakoja, mpanefy, mpahay tao-trano | Mpanao taozavatra | |
| | | FIEZAHANA ho HERY VELONA ao amin'ny FIANAKAVIANA : Mpanampy amin'ny vonjy aina | FIARAHA-MONINA : Mpamonjy voina, Fidiovana,<br><br>EVF : Fanabeazana ara-pahasalamana, WASH, | Mpitsabo sy Mpamonjy Voina<br><br>DIORANO | |

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| **ARA - TSAINA** | **TALENTA** | FAMPAHEREZANA ho amin'ny ASAM-PAMOKARANA : Tia hira, Tia mozika, Mpikirakira teknolojia, | ZAVA-KANTO : mpahay zava-maneno, mpanao haisoratra, mpitana vakoka, mpilalao, mpanao sary, mpahay solfa, mpamoronkira, mpanentana, mpandihy, mpian-tsehatra, mpanao vakodrazana, mpikabary, mpanao hatsikana, mpihira | Mpanakanto | |
| | | FIHEVERANA ny FIANGONANA sy TANINDRAZANA : Mpitari-dàlana, mpianatra mazoto, tia kolontsaina, | TEKNOLOJIA : Simika, Teknika skoto, herimbaratra, mekanika, tia informatika, mpanentana tambazotra, mpaka sary, mpanao horontsary, telefaonista, | Teknolojia sy Teknika | |
| | | FILAMATRA ARA-SKOTISMA : mpamalifaly, mahay teknika skoto | FIARAHA-MONINA : Mpitari-dàlana, mpitarika, mpandini-javatra, | | |

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| **ARA - PANAHY** | **TALENTA** | FIHEVERANA ny FIANGONANA sy ny TANINDRAZANA : Tia soratra masina | SORATRA MASINA | | |

| | | MAVO (6 - 11) | MAITSO (12 – 16) | MENA ( 17 - 20 ) | MENAFIFY(21-25) |
|---|---|---|---|---|---|
| **ARA – PIARAHA-MONINA** | **TALENTA** | ASAM-PAMOKARANA : Tia fambolena, tia fiompiana, | FAMOKARANA : Mpahandro, mpanjono, mpamboly, mpiompy, mpihaza, | Fambolena, Fiompiana, Fanjonoana, Fihazana | |
| | | FIHEVERANA FIANGONANA sy TANINDRAZANA : mahafantatra ny Tanindrazana, mpiaro ny zo, tia fandriampahalemana, mpikajy ny tontolo iainana, | FIARAHA-MONINA : Mpiady amin'ny fahalovana, mpilasy, mpikajy tontolo iainana, mpamantatra toetr'andro, tia zava-maniry, tia biby, | Mpiaro ny tontolo iainana, | |
| | | FILAMATRA ARA-SKOTISMA : Mpilasy, mpamory zava-madinika, | EVF : Mpitaiza zaza, mpanoro hevitra, mpiady amin'ny zava-mahadomelina, mpanolo-tsaina, | Mpiady amin'ny VIH sy ny SIDA, fampianarana mamaky teny sy manoratra, Civisme, | |
| | | FIEZAHANA ho hery VELONA amin'ny FIANAKAVIANA : tia koja an-trano, | ANKOAY : Mpilalao / Mpitantara, Mpanentana / Mpihira, Mpiady amin'ny SIDA | Mpanentana sy mpitantana | |
| | | **MAVO (6 - 11)** | **MAITSO (12 – 16)** | **MENA ( 17 - 20 )** | **MENAFIFY(21-25)** |
| **ARA – PIHETSEHAM-PO** | **TALENTA** | Mpamalifaly | | | |

**FINTINA FOMBA FANANGANANA FANDAHARANA**

Raha atao indray mijery dia ireo no Fandaharana "fototra" tokony hiaingan'ny mpiandraikitra amin'ny Fananganana Fandaharana :

- Ao no maka ny tanjona amin'ny Fandaharana : Azo atao tsara maka santionany amin'ilay "teboka dimy tanjonina".

- Ao anaty tabilao no maka ny zava-kendrena voafaritra sy mazava tsara, amin'ny sampana misy azy. Ohatra : Aorian'ny ... dia : "Afaka .... " ; "Mahalala ..." ; "Nahita ohatra iray ..."

- Ao anaty tabilao ihany misintona "Fandaharana" azo atao, mifanaraka amin'ny filàn'ny beazina, sy ny zava-misy amin'ny Fivondronana, Faritra, Faritany misy azy.

- Mitily ny lentan'ny beazina ihany koa ny mpiandraikitra dia arakarak'izay ny "Fandaharana" omena azy ireo. Kendrena tsara mba ho Fandaharana manintona sy mahaliana azy, ary mifanaraka amin'ny lenta ananany, fa tsy ambany loatra na avo loatra tsy takany. Afaka jerena ny tabilaontsika amin'ny Ambaratonga, hahitana hoe toy ny ahoana no tokony ho lentan'ny Dingana lalovana ao amin'ny sampana amin'ny ankapobeny.


- Ary mitily ny "Talentan'ny beazina" ao anatin'ny fanatanterahana izany Fandaharana rehetra izany.

**Marihana** fa Tabilao hiaingana ho fototra fotsiny ihany fa tsy hoe tsy mahazo mihoatra na mamorona arak'izay filàna misy eo amin'ny vondrona tsirairay. Natao ihany koa anefa mba hirindra tsara ny Fandaharana ary hifantoka amin'ireo "Fototra 5" amin'ny seha-panabeazana skoto, fa tsy hirona amin'ny ara-batana fotsiny ohatra, na ara-piaraha-monina fotsiny, sns. Izany no atao dia mba hitodihan'ireo mpiandraikitra tsara hatrany amin' ilay Famaritana any am-piandohana, hiavahantsika amin'ny Fikambanana hafa rehetra, ary koa hahaliana hatrany ny tanorantsika ka hampitombo isa azy ireo.

Ity tabilao ananantsika ity, miampy ny boky torolàlana isan-tsampana ary ny Boky Firaketana no hanampy ny mpiandraikitra hanangana fandaharana mirindra, voalanjalanja, manabe.

Anjaran'ny mpiandraikitra no mitily tsara ny filàna, mamaly izany amin'ny alalan'ny Fisy Teknika mahaliana, voaomana tsara ary miovaova hatrany.

**Fandaharana "TARIHANA" sy "HANDRAISANA ANJARA"** (dirigé et participative)




• Ao amin'ny Sampana Mavo dia tena "Tarihana" ny ankabeazan'ny "Fandaharana". Ny mpiandraikitra no mahita kokoa ny vontoatim-pandaharana atao mba hanatrarana tanjona sy zava-kendrena hitondra fanabeazana ho an'ny ankizy beazina.

• Ao amin'ny Sampana Maitso dia misasasasaka ny Fandaharana "Tarihana" sy "Andraisan'ny beazina anjara". Ao amin'ny Sampana Maitso moa no manomboka tena miaina ny "Fiainan-tsokajy" sy ny "Fiainan'ny Antoko" ka mahatonga ny Mpiandraikitra tokony hamela ny Lohan-tsokajy handray ny andraikiny manoloana ny Fandaharana tanterahana. Tsy miala lavitra anefa izy amin'izany fa manao tohana sy mandrindra ny Antoko amin'ny ankapobeny foana ihany.

• Ao amin'ny Sampana Mena, manomboka miha kely ny "Fandaharana tarihana" mba tsy hilazana hoe efa tena kely dia kely, karazana aro fanina no ataon'ny "Zokiolona" fa ny Tanora ao amin'ny Fokonolona no mandrindra ny Fandaharana mahaliana azy ireo sy mamaly ny filàny, kanefa mizotra hatrany amin'ny zava-kendrena tian-kahatongavana sy tanjonina. "Toro-marika" sy "Tolo-kevitra" samihafa no ampitain'ny Zokiolona, ary ny famporisihana amin'ny endriny samihafa ny amin'ny fanohizana ny fitiliana "Ambaratonga sy Talenta". Ny "Sampana Mena" izay efa manomboka mahalala ny tenany manokana, manomboka mahafantatra fa ny tenany ihany no mibe ato anatin'ny Fikambanana, no mizotra mankany amin'ny "Talenta" heveriny ananany sy tiany ho trandrahana. Izy samy izy ihany koa no hifanentana sy hifanoro lalana ao anatin'izany.

• Mifanohy amin'izay ihany ny momba ny "Sampana Menafify" izay tena "Fandaharana handraisan'ireo tanora anjara" tanteraka, "Fandaharana manintona azy sy mamaly ny filàny avy hatrany.

# TOVANA

# 1- NY SKOTISMA

## 1.1- Famaritana samihafa avy amin'ny lalam-panorenan'ny skotisma



Ny Fikambanana Skotisma dia Fikambanana naorin'i Jeneraly Robert Stephenson Smith Baden Powell tamin'ny taona 1907, ary tantanan'ny Birao maneran-tanin'ny Skotisma ankehitriny nanomboka tamin'ny volana Jolay 1922 (OMMS).

**A- FAMARITANA SKOTISMA :**

Ny Fikambanana Skotisma dia Hetsika fanabeazana ho an'ny tanora, an-tsitrapo ; tsy manao politika ary misokatra ho an'ny rehetra tsy misy ankanavaka, na ara-pihaviana, na ara-pirazanana na ara-pinoana, mifanaraka amin'ny tanjona sy zava-kendrena, ny adidy sy ny fomba fanabeazana arak'izay efa nanorenan'ny Mpanorina azy toy izao manaraka izao :

(Constitution_Organisation Mondiale du Mouvement Scout)

Article I – DEFINITION 1 :
Le Mouvement scout est un mouvement éducatif pour les jeunes, fondé sur le volontariat; c'est un mouvement à caractère non politique, ouvert à tous sans distinction de genre, d'origine, de race ni de croyance, conformément aux but, principes et méthode tels qu'ils ont été conçus par le Fondateur et formulés ci-dessous.

**B- TANJONA :**

Ny Skotisma dia manana tanjona ny handray anjara amin'ny fampivelarana ny tanora mba hanampiana azy ireo hivoatra feno eo amin'ny fivoarana ara-batana, ara-tsaina, ara-pihetseham-po, ara-piaraha-monina ary ara-panahy, amin'ny maha-olona, olom-pirenena vanona ary mpikambana eo amin'ny fiaraha-monina misy azy, eo amin'ny Firenena ary amin'ny iraisam-pirenena.

Article I - BUT 2 :
Le Mouvement scout a pour but de contribuer au développement des jeunes en les aidant à réaliser pleinement leurs possibilités physiques, intellectuelles, affectives, sociales et spirituelles, en tant que personnes, que citoyens responsables et que membres des communautés locales, nationales et internationales.

## D- FOTOTRA :

Ny Fikambanana skotisma dia miorina amin'ireto Adidy telo manaraka ireto (mahazaka telo olana) :

***Adidy amin'Andriamanitra :**
Fidirana ao amin'ny sehatra ara-panahy, ny fiorenana amin'ny foto-pinoana izay misy azy ary fanekena hanatanteraka ny andraikitra tandrify izany.




***Adidy amin'ny hafa :**
- Ny fijoroana ho an'ny fireneny ny amin'ny hijerena akaiky ny fampiroboroboana ny fandriampahalemana, ny fahazoana sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny fiarahamonina manodidina sy ny firenena ary ny iraisam-pirenena.
- Fandraisana anjara amin'ny fampandrosoana ny fiarahamonina ao anatin'ny fanajana ny fahamendrehan'ny zanak'olombelona ary ny fanajana ny natiora.

***Adidy amin'ny tena :**
Tompon'andraikitry ny fivoaran-tenany manokana

ARTICLE II
Principes 1. Le Mouvement scout est fondé sur les principes suivants:

**• Devoir envers Dieu**
L'adhésion à des principes spirituels, la fidélité à la religion qui les exprime et l'acceptation des devoirs qui en découlent.

**• Devoir envers autrui**
- La loyauté envers son pays dans la perspective de la promotion de la paix, de la compréhension et de la coopération sur le plan local, national et international.
- La participation au développement de la société dans le respect de la dignité de l'humanité et de l'intégrité de la nature.

**• Devoir envers soi-même**
La responsabilité de son propre développement.

## E- FIROTSAHANA :

Ny mpikambana rehetra eo anivon'ny skotisma dia tokony hanao firotsahana amin'ny alalan'ny Fanekena sy Lalàna, amin'ny fiteny sy kolotsaina iainan'ny Firenena misy ny Fikambanana skoto ary eken'ny Fitantanana manerantany, mifototra amin'ny Adidy amin'Andriamanitra, Adidy amin'ny hafa ary Adidy amin'ny tena nosintonina avy amin'ny Lalàna sy Fanekena nataon'ny Mpanorina ny skotisma hatrany ampiadohana araka izao manaraka izao :

**FANEKENA SKOTO :**
Manaiky aho hiezaka araka izay azoko atao mba :
Hanompo an'Andriamanitra
Hiasa ho an'ny Tanindrazana sy ny namana
Hanoa ny Lalàna Tily

**Adhésion**

Tous les membres du Mouvement scout doivent adhérer à une Promesse et une Loi reflétant, dans un langage approprié à la culture et à la civilisation de chaque Organisation scoute nationale et approuvé par l'Organisation Mondiale, le Devoir envers Dieu, le Devoir envers autrui et le Devoir envers soi-même, et inspirées de la Promesse et de la Loi conçues à l'origine par le Fondateur du Mouvement scout dans les termes suivants:
La Promesse scoute
Sur mon honneur, je promets de faire tout mon possible
pour—
Servir Dieu et le roi (ou Dieu et mon pays),
Aider mon prochain à tout moment,
Obéir à la Loi scoute.

**LALANA SKOTO :**

1. Tokan-teny ny Tily
2. Mahatoky ny Tily
3. Vonona hanasoa namana ny Tily
4. Havan'ny olona rehetra ary mpirahalahy daholo ny Tily
5. Manaja olona ny Tily
6. Antra biby sy tia zava-maniry ny Tily
7. Mpakato ny Tily
8. Mihira sy mitsiky ny Tily raha sendra ny sarotra
9. Sahy, mahery fo, maharitra amin'ny asany ny Tily
10. Madio tena, fihetsika, fiteny, eritreritra ny Tily

**La Loi scoute**

1. Le scout n'a qu'une parole.
2. Le scout est loyal.
3. Le scout se rend utile et aide son prochain.
4. Le scout est un ami pour tous et un frère pour tous les autres scouts.
5. Le scout est courtois.
6. Le scout est bon pour les animaux.
7. Le scout obéit sans discussion à ses parents, à son chef de patrouille et à son chef.
8. Le scout sourit et siffle en toute difficulté.
9. Le scout est économe.
10. Le scout est propre dans ses pensées, ses paroles et ses actes.


**F- MARIKA SKOTO MANERAN-TANY :**
Ny marika skoto maneran-tany dia ilay sary famantarana izay maneho ny maha-mpikambana ao anatin'ny vondrona skoto manerantany, voninkazo lisy fotsy didinin'ny tady fotsy manao boribory manodidina azy, mifarana amin'ny vona fisaka eny ambany, ary manana tokontany volomparasy, izay mirakitra ny singa mampiavaka ny Fikambanana skoto.

3. L'Emblème du Scoutisme Mondial est le symbole d'appartenance au Mouvement scout. Il est constitué d'une fleur-de-lys blanche stylisée entourée d'une corde de même couleur disposée en cercle et nouée à sa partie inférieure par un noeud plat, le tout sur fond violet, et constitue un élément essentiel de l'identité de marque du Mouvement scout.

* Ny SINGA tsirairay ao anatin'ny marika skoto izay mirakitra ny « Soatoavina Skoto » mifono ao anatiny :

**Ny voninkazo lisy :**
Manondro ny Avaratra, mitarika ny skoto ho amin'ny asa ho an'ny hafa sy ny firaisana
**Ny felana telo lehibe :**
Adidy amin'Andriamanitra,
Adidy amin'ny hafa ary Adidy amin'ny tena
**Ny fanjaitra eo afovoany :**
Fanjaitran'ny tondro avaratra,
milaza fa ny skoto dia mpitari-dalana
**Ny kintana roa eo afovoany :**
Fahamarinana sy Fahalalana
**Ny rantsan'ny kintana miisa 10 :**
Lalàna folon'ny skoto
**Ny tady mivona fisaka :**
Firahalahiana skoto manerantany
**Ny loko fotsy :**
Milaza fahadiovana
**Ny loko volomparasy :**
Milaza andraikitra sy ny fanampiana ny hafa

# Que représente le logo de l’OMMS ?




**G- FOMBA SKOTO :**

Ny fomba skoto dia tetika hampiaina ny «fibeazan-tenan’ny tsirairay » miorina amin’ireo singa tsy azo sarahina ao anatiny :

- Lalàna sy Fanekena skoto
- Fampianarana amin’ny alalan’ny asa
- Fivoaran-tenan’ny tsirairay
- Fiainan’ny ekipa
- Tohana avy amin’ny olon-dehibe
- Tarazo
- Natiora
- Firotsahana amin’ny fiarahamonina




ARTICLE III

Méthode scoute : La méthode scoute est un système d’autoéducation progressive fondé sur l’interaction de tous les éléments suivants :

- La Promesse et la Loi scoutes,
- L’apprentissage par l’action,
- La progression personnelle,
- Le système des équipes,
- Le soutien des adultes,
- Le cadre symbolique,
- La nature,
- L’engagement dans la communauté.

# 2- PAIK'ADY TELO TAONA 2017-2020

## PLAN TRIENNAL 2017-2020
GRANDIR ENSEMBLE

**IRAKA : Inona no antom-pisiantsika ?**
Ny iraky ny skotisma dia ny handray anjara amin'ny fanabeazana ny tanora, miainga amin'ny soatoavina voasoritra anaty Lalàna sy Fanekena, mba handraisan'izy ireo anjara amin'ny fanorenana tontolo tsaratsara kokoa, tontolo honenan'ny olona anaty fifaliana, vonona handray anjara amin'ny fampandrosoana ny fiarahamonina misy azy.

**Notre Mission :** pourquoi nous existons La Mission du Scoutisme est de contribuer à l'éducation des jeunes, par le biais d'un système de valeurs basé sur la Promesse et la Loi scoutes, pour participer à la construction d'un monde meilleur peuplé de personnes épanouies, prêtes à jouer un rôle constructif dans la société.

**VINA : Aiza no tiantsika aleha ?**
Amin'ny taona 2023, ny Skotisma no ho hetsika fanabeazana ny tanora mahasarika indindra manerana izao tontolo izao, hahatonga tanora 100 000 000 ho olom-pirenena hitondra fanovana tsara ho an'ny tontolo misy azy sy manerantany araka ny soatoavina ifampizarana.

Ny fivorian'ny skoto eran-tany tany Slovenia ny taona 2014 no namaritra ny vinan'ny skotisma 2023.

**Notre Vision :** où nous voulons aller D'ici 2023 le Scoutisme sera le principal Mouvement éducatif pour les jeunes dans le monde, permettant à 100 millions de jeunes de devenir des citoyens actifs capables d'apporter un changement positif au sein de leur communauté et dans le monde sur la base de valeurs partagées.

**Laharam-pahamehana : Ahoana no fomba hahatratrarana izany ?**
Mba hanatrarana izany vina izany dia misy ny laharam-pahamehana enina izay napetraka :

- **Firotsahan'ny tanora :**

Ny skotisma dia tokony hanome sehatra ny tanora hahafahany mampivoatra ny fahaiza-manao sy fahalalana ananay mba hahafahany mandray anjara feno ao amin'ny Fikambanana, hampiasa izany ho fampandrosoana ny fiaraha-monina misy azy. Ny Fandraisany anjara, ny fankasitrahana ary ny fifampizarana eo amin'ny tanora sy ny olon-dehibe dia singa telo lehibe hanome sehatra ireo tanorantsika.

**L'engagement des Jeunes :** Le Scoutisme doit donner aux jeunes la possibilité de développer les compétences et les connaissances qui leur permettent de participer activement au Mouvement, et de s'investir dans leurs communautés. La participation, la reconnaissance et l'échange intergénérationnel sont des éléments essentiels pour fournir un cadre à nos jeunes membres.

• **Fomba fanabeazana :**
Ny fandaharam-panabeazana dia tokony hanolotra tontolo fampianarana tsy manara-drafitra ho an'ny tanora, hampivoatra ny fahaiza-manaon'izy ireo hiatrehany ny fanambin'ny ampitso. Ny Skotisma dia tokony hanintona, hanofana ary hitazona ireo olon-dehibe mpirotsaka an-tsitrapo mba hampita sy hanatanteraka ireo Fandaharam-panabeazana ny tanora.

**Méthodes Éducatives :** Le Programme des Jeunes doit fournir un environnement d'apprentissage non-formel renforçant la capacité des jeunes à relever les défis de demain. Le Scoutisme doit attirer, former et garder des volontaires adultes de qualité pour transmettre et mettre en oeuvre le Programme des Jeunes.

• **Fahasamihafana sy Fifangaroana :**
Ny Skotisma dia tokony ho taratry ny fiarahamonina misy azy, miasa anaty tontolo tsy misy fanavankavahana. Ity fifangaroana ity dia tokony tsy ho fifangaroana eo amin'ny lafiny mpikambana fotsiny ihany, fa ho fifangaroharoana amin'ny fomba sy fandaharana ihany koa izay ampiasaina eo anivon'ny Fikambanana.

**Diversité et Inclusion :** Le Scoutisme doit refléter les sociétés dans lesquelles il existe et travailler activement à accueillir tous les individus sans distinction. Cette diversité doit non seulement se refléter à travers les membres, mais aussi à travers les méthodes et les programmes utilisés au sein du Mouvement.

• **Fiantraikany ara-tsosialy :**
Ny skoto tsirairay dia tokony handray anjara amin'ny asa fampandrosoana eo amin'ny fiaraha-monina, hizara ny traik'efany mba hitarihany ny hafa manodidina azy. Ireo karazana hetsika sy tetik'asa ireo no hahatonga ny skoto handray anjara amin'ny fampandrosoana ny tontolo misy azy sy ho tompon'andraikitra amin'ny fanovana miabo.

**Impact social :** Chaque scout doit être impliqué dans le service communautaire, et partager ses expériences pour inspirer les autres. Grâce à des activités et à des projets, les scouts contribuent à leur communauté et deviennent des responsables du changement positif.

• **Serasera sy fifandraisana ivelany :**
Ny endrika ivelan'ny skotisma dia tokony haneho mazava ny zavatra izay ataontsika sy ny antony hanaovantsika izany, ka isongadinan'ny soatoavina iraisantsika. Amin'ny alalan'ny fampiasana ireny karazana seraseram-pifandraisana manaraka ny toetr'andro sy ny fiaraha-miasa amin'ireny mpiara-miombon'antoka mahomby ireny no hanampy hampahafantatra ny manodidina fa ny Skotisma no Hetsika fanabeazana ho an'ny tanora lehibe indrindra manerantany.

**Communication et Relations Extérieures :** L'image extérieure du Scoutisme doit représenter avec précision ce que nous faisons et pourquoi nous le faisons, tout en reflétant nos valeurs communes. En utilisant les méthodes de communication les plus percutantes et en s'engageant dans des partenariats stratégiquement pertinents, le Scoutisme devrait être reconnu comme le principal Mouvement éducatif pour les jeunes dans le monde.

• **Fitantanana :**

Fitantanana mangarahara sy mazava ary mahomby. Mifandray mazava tsara amin'ny paikady ankapobeny entina hanatrarana ny Iraka sy ny Vinan'ny Fikambanana. Ny anjara asa sy andraikitry ny an-tanan-tohatra samihafa dia tokony hazava sy ho voafaritra mazava, ary koa ho azo tsara, mba hahafahana manome fahafam-po ny mpanjifa. Rehefa izany no tanteraka dia azo antoka ny firindran'ny seha-pitantanana rehetra eo amin'ny fikambanana skotisma manerantany ary hahazo vokatra mahomby isika.

**Gouvernance :** La gouvernance de l'OMMS doit être transparente, responsable, efficace et clairement liée à sa stratégie globale, axée sur la réalisation de la Mission et de la Vision du Mouvement. Les rôles et les responsabilités des différents niveaux de l'organisation doivent être clairement définis et compris, garantissant une approche axée sur le client. Grâce à cela, nous assurons une synergie efficace à tous les niveaux de l'OMMS avec un « retour sur investissement » élevé.

# PLAN TRIENNAL 2017-2021

## Grandir Ensemble



## 3- FOMBA FANABEAZANA

### Méthodes éducatives

**FANDAHARAM-PANABEAZANA HO AN'NY TANORA :**
**Programme des Jeunes**

Eo anatrehan'izany rehetra izany, inona no voalaza ho hatsaraina eo amin'ny Fandaharam-panabeazana ho an'ny tanora ? Ary inona no mari-drefy mifanaraka amin'izany handrefesana ny fahatanterahany na tsia ?

• Hatsaraina ny kalitaon'ny Fandaharam-panabeazana ho an'ny tanora any amin'ny Firenena tsirairay, miainga avy amin'ny Politika manerantany momba ny Fandaharam-panabeazana ny Tanora eto anivon'ny Skotisma.
• Mari-drefy : Misy Firenena 55 manatsara ny Fandaharam-panabeazana ny Tanora ao aminy miainga amin'ny filàn'ny tanora.

Améliorer la qualité des Programmes des Jeunes des OSN, sur la base de la Politique Mondiale du Programme des Jeunes dans le Scoutisme. o ICP : 55 OSN amélioreront leurs Programmes des Jeunes en conformité avec les besoins des jeunes.

• Manangana modely hahafahan'ny Tanjon'ny Fampandrosoana Maharitra ilay antsoina hoe ODD ho tafiditra ao anatin'ny Fandaharam-panabeazana ho an'ny Tanora.
• Mari-drefy : Misy Firenena 60 mampiditra ny ODD ao anatin'ny Fandaharam-panabeazana miainga avy amin'ny filàny manokana ihany.

Élaborer un modèle d'intégration des Objectifs de Développement Durable (ODD) dans le Programme des Jeunes. o ICP : 60 OSN intégreront le cadre des ODD dans leurs Programmes des Jeunes par le biais de leurs propres initiatives nationales.

• Ampitomboina ny kalitao sy ny tetik'asa fampandrosoana eo amin'ny fiaraha-monina.
• Mari-drefy : Misy Firenena 30 hisintona tetik'asa fampandrosoana ny fiaraha-monina avy amin'ny alalan'ny sehatra ODD sy ny sehatra « Tontolo tsaratsara kokoa »

Augmenter la qualité et la quantité des projets de développement communautaire. o ICP : 30 OSN inspireront des projets de développement communautaire à la suite de la mise en oeuvre du cadre ODD et du cadre Monde Meilleur.

• Ampandraisina andraikitra kokoa ny tanora mba hitondra fiantraika miabo eo amin'ny manodidina azy.
• Mari-drefy : Misy Firenena 65 hanome fahafahana ho an'ny mpikambana ao aminy, handray fahalalana momba ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fahatezana, izany dia noho ny fampiasana ny tolotra fanabeazana avy amin'ny OMMS.

Responsabiliser davantage les jeunes pour qu'ils aient un impact positif sur leur environnement. o ICP : 65 OSN fourniront à leurs membres des possibilités d'apprentissage sur la protection de l'environnement et la durabilité grâce à l'utilisation des ressources éducatives de l'OMMS.

• Ampitomboina ny lafiny fampandrosoana ara-panahy ao anatin'ny Fandaharam-panabeazana.
• Mari-drefy : Misy Firenena 15 hanatsara ny fampandrosoana ara-panahy ao anatin'ny Fandaharam-panabeazana miainga amin'ny tolotra nomen'ny OMMS.

Améliorer l'aspect de développement spirituel du Programme des Jeunes. o ICP : 15 OSN amélioreront l'aspect de développement spirituel dans leurs Programmes des Jeunes en utilisant les ressources éducatives de l'OMMS.

## OBJECTIFS DE DEVELOPPEMENT DURABLE

Inona avy ireo singa 17 tsara itodihana hanatsarana ny fandaharam-panabeazaa eto anivon'ny Skotisma, mba hitondra fanovana tsara sy fiantraikany miabo ho an'ny Firenena, amin'ny alalan'ny fandraisan'ireo tanorantsika sahady anj ara ao anatin'izany.




1- Fanalàna ifakany ny fahantrana
2- Ady amin'ny hanoanana
3- Fahafahana ho amin'ny fahasalamana
4- Fahafahana ho amin'ny fanabeazana manana kalitao
5- Fitoviana amin'ny maha lahy na maha vavy
6- Fahafahana manana rano mahasalama sy mahadio
7- Fahafahana manana erijika azo soloina
8- Fahafahana manana asa matotra
9- Fanovana sy fanajariana
10- Fampihenana ny tsy fitoviana
11- Tanàna sy vondrom-piaraha-monina maharitra
12- Tompon'andraikitra amin'ny fitsitsiana
13- Ady atao momba ny fiovan'ny toetr'andro
14- Fiarovana ny zava-maniry sy zava-manan'aina anaty ranomasina
15- Fiarovana ny zava-maniry sy zava-manan'aina ambonin'ny tany
16- Fahamarinana sy Fandriam-pahalemana
17- Fiaraha-miombon'antoka ho amin'ireo tanjona iraisam-pirenena

# TENY FAMARANANA

Eto am-pamaranana dia izao no azo ambara hamintinana ny Politika nasionaly Fandaharam-panabeazana 2018-2021. Nezahana noratovina sy nofintinina arak'izay tratra ny hevi-dehibe rehetra manodidina ny Fanabeazana tamin'ireo tahirin-kevitra maro izay natao ho tohana ho antsika. Fantatra fa tsy mora, ary tena mila ilofosana, ny asa Fanabeazana ireo tanora amin'izao fotoana izao. Tsy afaka terena hibe anefa izy ireny, fa ny Fanabeazana skoto kosa dia manana ny tetika sy teknika, drafitr'asa isan-karazany efa napetraky ny mpanorina Baden Powell hatramin'ny fotoana nananganany ny skotisma, ary mbola tohizantsika taranaka mandrak'ankehitriny.

Mahomby ny fanabeazana skoto, matoa efa zato taona mahery izao tsy mbola maty mihitsy ny Fikambanana, ary vinavinaina hitombo sy hivelatra hatrany amin'ny hoavy aza. Manana anjara anefa isika olon-dehibe, isika mpanabe skoto hanao fikarohana lalina ny eo amin'ny lafiny filan'ireo tanora, satria miara mivoatra sy mivelatra isan'andro manaraka ny fivoaran'ny toetr'andro sy ny teknolojia etsy sy eroa izany. Raha mirindra sy voaomana tsara aza mantsy ny Fandaharam-panabeazana sy ny Fisy teknika hanatanterahana ny hetsika, kanefa tsy mamaly ny filàna sy ny andrasan'ireo tanora, tsy hahomby velively izany.

Tenin'Andriamanitra nofidiana hamaranana izao tahirin-kevitra izao dia ny hoe : «  Fa raha misaraka Amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona » Jaona 15 : 5b Apetratsika Aminy, ilay Andriamanitra Tompon'ny asa, ny Fanabeazana ireo tanora.

Mpiara-miasa amin'ny Tompo isika, ary enga anie ho « fantsona mahery » manao ny asa amin'ny fo feno fitiavana tokoa, ho olon-dehibe mitondra fanovana miabo eo amin'ny tontolo misy antsika, ho fitaratra amin'ny zavatra rehetra.

Ho an'Andriamanitra irery ihany ny voninahitra !




RAVONINOLOSOA Do-Santatra
Ravahantsiky
Filoha Departemanta Fanabeazana
Foibe Tily
032 07 196 42

# FANOROAM-PEJY


TENY FANOLORANA

SAVA RANON'ANDO

FANOLORANA

DRAFITRA ........ 04

**1. POLITIKA SKOTO MANERAN-TANY MOMBA NY FANDAHARAM-PANABEAZANA HO AN'NY TANORA** ........ 05

1.1- FA NAHOANA NO MANAO FANDAHARAM-PANABEAZANA ? ........ 06

1.2- INONA NO ATAO AMIN'NY FANDAHARAM-PANABEAZANA ? ........ 07

1.3- AHOANA NO HANATANTERAHANA NY FANDAHARAM-PANABEAZANA ? ........ 07

**2. FANAVAOZANA NY FANDAHARAM-PANABEAZANA** ........ 08

2.1- FAMARITANA ANKAPOBENY FANDAHARANA ........ 08

2.2- SINGA MANDRAFITRA LALAN'NY FANDAHARANA ........ 10

2.3- SINGA VALO LALOVANA AMIN'NY FANDAHARANA ........ 12

**3. FANDAHARAM-PANABEAZANA 2018-2021** ........ 22

3.1- ZAVA-MISY ANKEHITRINY sy TEBOKA 5 TANJONINA ........ 23

3.2- TABILAO FINTINA ZAVA-KENDRENA ISAN-TSAMPANA ........ 26

3.3- TOLOTRA FANDAHARANA / AMBARATONGA sy TALENTA ........ 31

FINTINA ........ 45

TOVANA ........ 46

TENY FAMARANANA

FANOROAM-PEJY

# BIBLIOGRAPHIE


- CONSTITUTION de l'Organisation Mondiale du Mouvement Scout ; August / Août 2017
- PLAN TRIENNAL 2017-2020
- RAP Renouveau et Actualisation du Programme
- Politique Mondiale Programme des Jeunes


# FANAFOHEZAN-TENY

- APF : Departemant Aim-Panahin'ny Fikambanana
- DFB : Departemanta Fanabeazana
- DFI : Departemanta Fifandraisana
- DFAV : Departemanta Fandraharahana sy Varotra
- ODK : Departemanta Olondehibe sy Kalitao
- DEF : Departemanta Fanofanana
- DFF : Departemanta Fitantanana sy Fampandrosoana

- ICP : Indicateur Clé de Performance
- VHT : Vokatra ho Tratrarina

- OMMS : Organisation Mondiale du Mouvement Scout
- ODD : Objectifs de Développement

SCOUTS
Créer un Monde Meilleur

© TILY ETO MADAGASIKARA
Departemanta Fanabeazana
DFB Nasionaly
dfbfoibe@gmail.com

Febroary 2019,

BP 771 Foyer des Jeunes
Antsahamanitra
foibetily1821@gmail.com
www.scout.mg